**« PLATEFORME ETAT REGIONAL MADAGASCAR »**

# IREO TOMBOTSOA HO AN'I MADAGASIKARA AMIN'NY RAFITRA REZIONALY



**Initié par**
**ZAFIVAO Jean Louis,**
**Président National de**
**GASY MIFANKATIA**
**Co-Président Plateforme**
**Etat Régional Madagascar**

www.etat-regional.com

# LOHATENY.

## IREO TOMBONTSOA HO AN'I MADAGASIKARA AMIN'NY RAFITRA REZIONALY.


1- Tombotsoa amin'ny fanangonana ny haba sy hetra.( 3 )
2- Tombontsoa amin'ny fizarana ny volam-panjakana ( 5 )
3- Tombontsoa amin'ny ady amin'ny kolikoly. ( 10 )
4- Tombontsoa ho an'ny kaominina ambonivohitra. ( 15 )
5- Tombontsoa ho an'ny kaominina ambanivohitra. ( 19 )
6- Tombontsoa ho an'ny tantsaha. ( 23 )
7- Tombotsoa ho an'ny mpanjono an-dranomasina.( 28 )
8- Vahaolana amin'ny famokarana herinaratra. ( 31 )
9- Vahaolana amin'ny tsy fisiana rano fisotro madio (40 )
10- Tombontsoa amin'ny lafin'ny fampianarana. ( 41 )
11- Tombontsoa amin'ny lafin'ny fahasalamana. ( 45 )
12- Tombontsoa amin'ny fanisana ny zaza teraka. ( 48 )
13- Tombontsoa ho an'ny reny sy ny zaza. ( 50 )
14- Tombontsoa amin'ny fiatrehana ny loza voajanahary. ( 53 )
15- Tombontsoa ho an'ny mpianatra eny amin'ny oniversite (55)
16- Tombontsoa ho an'ireo mpanao fanatanjahan-tena. ( 59 )
17- Tombontsoa amin'ny olana mikasika ny fananan-tany. ( 62 )
18- Tombotsoa ho an'ny mpiasam-panjakana. ( 65 )
19- Tombontsoa ho an'ny tafika, zandary ary polisy.( 68 )
20- Tombontsoa amin'ny fiarovana ny tontolo iainana. ( 73 )
21- Tombontsoa amin'ny fiarovana ny harena voajanahary. ( 75 )
22- Tombontsoa amin'ny fiarovana ny kolontsaina ara-drazana. ( 77 )
23- Tombontsoa amin'ny fikarakarana ny entona karbona. ( 79 )
24- Tombotsoa amin'ny Fizahan-tany.( 82 )
25- Tombontsoa ho an'ireo mpandraharaha vahiny te hampiasa ny volany eto Madagasikara. ( 85 )
26- Tombotsoa ho an'ny mpamatsy vola iraisam-mpirenena.( 89 )
27- Tombotsoa amin'ny fikarakarana fifidianana. ( 92 )
28- Ireo tombotsoa samihafa.
    - Ho an'ireo mpanao politika.( 95)
    - Ho an'ireo tanora amin'ny fitadiavana asa ( 96)
    - Ho an'ny renivohitry Madagasikara " Antananarivo" ( 97 )
    - Azo antoka ny fihenan'ny tahan'ny fahantrana eo Madagasikara. ( 98 )
    - Ho an'ireo tanora lasa nitady asa any ivelany.( 100 )

## I- TOMBOTSOA AMIN'NY FANANGONANA NY HABA SY HETRA.

Rehefa tafapetraka eto Madagasikara ny rafitra Rezionaly izay natolotry ny vovonana Plateforme Etat Regional eto Madagasikara dia hisy filaminana amin'izay ny fanangonana haba sy hetra eto amintsika.

Mazava tsara ny loharanom-bola eo amin'ny fanjakana foibe, dia ny fadin-tseranana ary ny an'ny faritra sy ny kaominina kosa dia avy amin'ny vola azo amin'ny hetra sy haba eo an-toerana.

Mbola samy mahazo ampahany amin'ny akora stratejika koa izy ireo

Ny fanangonana an'ireo hetra sy haba eo an-toerana ireo dia hotanterahin'ireo rafitra fitantanana any ifotony eo ambany fifehezan'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ireo ihany.

Izany hoe, ny faritra sy ny kaominina tsirairay dia hanana sampandraharaha misahana ny hetra manokana, izay manana andraikitra toy izao :

- Mijery sy manoratra ny anaran'ireo olona na orinasa tokony handoa hetra eo an-toerana.
- Mametra ny tombana tokony aloha amin'ny hetra.
- Manangona ireo hetra sy haba eo an-toerana (hetra amin'ny tany, hetra ara-barotra, karazana haba amin'ny tsena , sns.).
- Manara-maso ny fandoavana ny hetra tokony aloha.

Ity sosok'evitra ity dia mifanaraka tsara amin'ny foto-kevitry ny fahaleovantena ara-toekarena amin'ny faritra.

Ny anjaran'ny fanjakana foibe dia ny manara-maso ny fidiram-bola sy ny fampiasana azy amin'ny alalan'ny Inspecteurs Généraux izay ambany fididian'ny Filoham-pirenena.

Eo koa ireo solontenan'ny fanjakana any amin'ny faritra dia ny lehiben'ny distrika sy ny Préfet de région.

Ny fidinan'ireo mpanaramaso avy any amin'ny fanjakana foibe (Inspecteurs Généraux) manara-maso ny zavatra tsy mety any amin'ny kaominina sy faritra dia tsy maintsy miaraka amin'ny solotenan'ny governemanta rezionaly.

Ho an'ireo kaominina saro-dalana, dia anjaran'ny governemanta rezionaly, sy ny solontenan'ny fanjakana foibe any ifotony no mitady vahaolana.

Ohatra ny fanangonana ny haba sy hetran'ny kaominina maromaro amin'ny kaominina iray izay tsy misy olana amin'ny lalana.

.
Ka ny kaody ara-statistika ny kaominina tsirairay( code statisique ) no ahafahana manavaka ny vola miditra amin'ireo  kaominina voakasika izany.

**Raha fintinina:**

Rehefa tafapetraka ny rafitra rezionaly eto Madagasikara, dia ny sampan-draharaham-panjakana misahana ny hetra amin'ny kaominina any amin'ny faritra no manangona ny hetra sy haba any ifotony.

Noho izany dia hisy fandaminana mipetraka ara-dalàna mamaritra:

- Ny fahefana ananan'ny ambaratongan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana tsirairay manangona  hetra.
- Ny fomba fanangonana ny hetra sy fanaraha-maso iadiana amin'ny kolikoly.
- Ny fandraisana andraikitra amin'ny fanaraha-maso ny fandoavan'ny rehetra ny hetrany isan-taona.

Ny anjaran'ny fanjakana foibe dia ny manara-maso ny fidiram-bola sy ny fampiasana ny vola mba tsy isiana fanokodikodinam-bolam-bahoaka ataon'ireo olom-boafidy any amin'ny faritra sy ny kaominina.

# II- TOMBOTSOA AMIN'NY FIZARANA NY VOLA MIDITRA.

- **Ny fizarana harena misy ankehitriny.**

Tena mampalahelo ary tena tsy rariny ny fizarana harena misy eto Madagasikara .


Hatrany amin'ny taona 1973 nanafoanana ny vola natokana ho any Province izay nitondra anarana hoe "Budget Provincial" dia toy izao no zava-nisy :

- **Tatitra nataon'ny banky iraisam-pirenena taminny taona 2003.**


Ny fampivangongoana ny volam-panjakana eto Madagasikara no tena be loatra raha ampitahaina amin'ny firenena hafa. **Ny 98% vola miditra amin'ny Madagasikara dia alain'ny fanjakana foibe avokoa, ka 1% na 2% fotsiny no omena ny faritra. ( pejy 36)**

- **Fizarana harena tamin'ny taona 2008.**

Graphique 2 : Le paradoxe malgache : La décentralisation politique et la concentration budgétaire




Graphique 1 : Peu de décentralisation budgétaire à Madagascar





Source : Banque mondiale et FMI

- ✓ Madagasikara no manome vola kely indrindra ny faritra raha ampitahaina amin'ny firenena hafa.

- ✓ Ny 95% ny volam-panjakana dia tantanin'ny fanjakana foibe. Ny 3,5% no tantanan'ny kaominina miisa 1549 ary 1,5% no notantanan'ny faritra 22.

- **Fizarana harena tamin'ny taona 2017.**



**REPARTITION BUDGETAIRE ( année 2017)**

| Indicateurs du CPP |
| --- |
| Pourcentage du budget affecté aux Collectivités territoriales décentralisées (CTD)<br>Source de données : Ministère des Finances<br>Référence (2017) : <5% du budget total<br>Objectif (2021) : >10% du budget total |

**TSY MISY FIOVANA.**

- **NY HEVITRY NY FANJAKANA ANKEHITRINY.**



L'Express de Madagascar
29 juillet 2022 ·

La Lettre de Politique de Décentralisation Émergente ambitionne un avenir meilleur pour Madagascar. Le projet est effectif pour le pays en 2030.



LEXPRESS.MG

**Décentralisation émergente - La consultation régionale commence à Analamanga**

-Ho anny fanjakana ankehitriny dia any aminny taona 2030 vao ho tanterahina ny fizarana fahefana eto Madagasikara.

➢ **Fizarana harena amin'ny rafitra Rezionaly amin'ity sosokevitra lalampanorenana atolotry ny Plateforme Etat Rezional ity.**

-Raha tafapetraka ny rafitra rezionaly eto Madagasikara, dia maro ireo tombontsoa ho azon'ny firenena sy ny faritra tsirairay eto Madagasikara.

-Tsara ny mampahafantatra, fa araka ny sosok'evitra amin'ity lalam-panorenana ity, dia ny vola miditra amin'ny fadin-tseranana no vola miditra amin'ny fanjakana foibe sy ny akora strategika. Fa ny haba sy hetra kosa dia mipetraka amin'ny faritra sy kaominina.

- Ary ny 40% ny vola miditra amin'ny kaominina mipetraka ampiasain'ny kaominina, ary ny 40% ny vola miditra amin'ny kaominina tsirairay ao anaty faritra no omena ny faritra.
- Ny 20% ny vola miditra amin'ny faritra kosa arotsaka ao amin''ny tahiry iombonana ho an'ireo faritra kely fidirambola.

-Raha tombanina izany dia eo amin'ny 55% ny volam-panjakana azo avy amin'ny fadin-tseranana mipetraka aminny fanjakana foibe.*( araka any fanambarana nataon'ny tompon'andraikitra miasa amin'ny fadin-tseranana tao Toamasina tamin'ny fankalazana ny fetim-pirenena 2024)*

-Ny 45% kosa ampiasain'ny faritra sy kaominina.

Ireto ary misy tombontsoa maromaro ho azon'ny faritra :

**1. Fampivoarana ara-toekarena ifotony**

- Satria ny hetra no loharanom-bola ho an'ny kaominina sy faritra, dia afaka hampiasa vola amin'ny fampandrosoana ifotony izy ireo, toy ny fanamboarana fotodrafitr'asa, sekoly, toeram-pitsaboana, sy fanatsarana ny asa sosialy.
- Ho afaka hamolavola tetik'asa mifanaraka amin'ny filan'ny vahoaka eo antoerana ny faritra, tsy miandry loharanom-bola avy amin'ny fanjakana foibe intsony.

**2. Fanatsarana ny fitantanana sy ny fampandrosoana mirindra**

- -Ny kaominina dia afaka mampiasa ny 40% amin'ny haba sy hetra miditra ao aminy.
  -Ny faritra kosa mahazo 40% amin'ny haba sy hetra avy amin'ireo kaominina rehetra ao anatin'ny faritra.
  -Izany midika fa tsy maintsy hanao ezaka ny tompon'andraikitra isam-paritra hampitombo ny teti-bola eo aminy afahan'izy ireo mampandroso haingana ny faritra izay tantanany.
- Mazava tsara ny fizarana ny harena ka mihena ny fanaovana kolikoly eo amin'ny mpitondra any amin'ny fanjakana foibe sy ny mpitondra any amin'ny faritra.

- Raha mahomby ny fitantanana, dia hisy fifaninanana ara-pitatanana eo amin'ny samy kaominina sy eo amin'ny samy faritra, ka izay fifaninanana izay no ahatonga ny fampandrosoana haingana eto Madagasikara;

**3. Fahaleovan-tena ara-bola sy ara-pitantanana**

- Ny fidiram-bola amin'ny haba sy hetra ho any kaominina sy ny faritra dia midika fa tsy mangataka vola amin'ny fanjakana foibe intsony ireo olom-boafidy amin'ny fampandehanana ny raharaha ao aminy.
  Tsy mihantehitra amin'ny fanjakana foibe intsony izy ireo amin'ny tetik'asa entina hanasoavana ny vahoaka.
- Afaka manapa-kevitra sy mametraka laharam-pahamehana mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana ny olom-boafidy amin'ny kaominina sy ny faritra.

**4. Fanomezana lanja ny politika ifotony sy ny demokrasia**

- Rehefa manana loharanom-bola sy fahefana hifehy ny fampiasam-bola ny mpitondra amin'ny faritra, dia hahatsapa ny mponina fa afa-po izy ireo na tsia amin'ny fitantanan'ireo olona nofidiny.
  Afaka mankasitraka izy ireo na afaka miteny ny tsy mety .
  Izany fahafahana miteny izany no hampiroborobo ny demokrasia eny ifotony.
- Mahafaka mampandroso tsara ny faritra ireo olom-boafidy eo an-toerana satria izy ireo no tena tompon'andraikitra amin'ny fampiasana ny volan'ny vahoaka izay nifidy azy ireo.

**5. Fanatsarana ny fidiram-bola ho an'ny fanjakana foibe**

- Rehefa mitombo ny fidiram-bola amin'ny kaominina sy ny faritra, dia hitombo ihany koa ny fampiasam-bola any amin'ny faritra.
  Ho betsaka ny vokatra aondrana any ivelany sy ny entana ampidirin'ireo mpandraharaha eto Madagasikara.
  Izany rehetra izany dia hisy fiantraikany tsara amin'ny fadin-tseranana ka hitarika fitomboan'ny vola miditra amin'ny fanjakana foibe.

**6. Fanatsarana ny fifandraisana eo amin'ny faritra sy ny fanjakana foibe**

- -Rehefa manana fidiram-bola ampy ny faritra dia mahaleotena amin'ny fanatanterahana tetik'asa izay ilainy vahoaka ao aminy ny mpitondra.

-Misy kosa anefa tetik'asa izay tsy maintsy iarahan'ny mpitondra amin'ny faritra sy ny mpitondra amin'ny fanjakana foibe tanterahina.

- Ity lalam-panorenana ity zany dia hampiroborobo ny fiaraha miasa eo amin'ny mpitondra amin'ny faritra sy ny mpitondra amin'ny fanjakana foibe, amin'ny alalan'ny fifampizaràna traikefa mahomby ho tombotsoan'ny firenena.

## Fehiny

Ny fampiharana rafitra rezionaly dia manome fahefana ny mpitondra amin'ny faritra hanatanteraka fampandrosoana eo aminy any ifotony, manatsara ny fitantanana ary hampisy fifaninanana ara-toekarena sy ara-pitantanana amin'ny samy faritra.


Raha mahomby ny fampiasan'ny kaominina sy faritra ny vola miditra azon'izy ireo amin'ny hetra sy haba, izany hoe raha tsara tantana ny vola miditra amin'ny kaominina sy faritra, dia hivoatra malaky i Madagasikara.

## III- TOMBOTSOA AMIN'NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY.

Tsara ny mampatsiahy fa anisan'ny firenena folo BE KOLIKOLY indrindra maneran-tany i Madagasikara ankehitriny.

Tsy mendrika antsika Malagasy izany laharana izany ary tena fahafaham-baraka ho an'ny firenentsika.

Koa ilaina ny firaisan-kinantsika mba hiadiana amin'ity areti-mandoza ity izay mandrava ny fiarahamonina sy manakana ny fandrosoanan'ny firenena.




World Justice Project : Madagascar classé parmi les 10 pays les plus corrompus

29 avril 2024

-Raha tafapetraka eto Madagasikara ny rafitra État Régional, dia maro ny tombotsoa azo amin'ny ady amin'ny kolikoly, satria mazava tsara ny fomba fizarana andraikitra sy fidiram-bola eo amin'ny fanjakana foibe sy fanjakana rezionaly.

-Samy hifantoka amin'ny fitantanana ny sehatra akaiky azy ny tompon'andraikitra sy ny olom-pirenena tsirairay ary samy afaka mifantoka tsara amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana.

Ireto misy tombontsoa lehibe amin'io rafitra io:

### 1. Manana fahefana bebe kokoa amin'ny fitantanana

- -Ny faritra tsirairay dia hanana fahefana amin'ny fitantanam-bolam-panjakana izay azony aminny fidiran-ketra.
  -Izany fahefana azony izany dia midika fa tsy mangataka vola amin'ny fanjakana foibe intsony ny tompon'andraikitra amin'ny faritra (décentralisation effective).
- -Izany fahafahan'ny mpitondra amin'ny faritra mitantana mazava ny vola miditra ao aminy dia hampihena ny kolikoly izay nateraky ny fangatahana fankatoavana lava izao amin'ny ambaratonga ambony.
  -Ny fanarahana maso ny fampiasana ny volam-bahoaka amin'ny faritra no anjaran'ny fanjakana foibe . ( contrôle de légalité ) ,

## 2. Fanatsarana ny fanaraha-maso.

- Amin'ny rafitra État Régional, ny vola ampiasain'ny faritra dia ho azo arahin'ny fanjakana foibe akaiky, satria mazava tsara ny fiaviany dia avy amin'ny haba sy ny hetra .
  Eo koa ny solombavam-bahoakam-paritra mbola manara-maso koa ny fampiasan'ny governemanta rezionaly sy ny kaominina ny vola miditra amin'izay ireo.
- Eo koa ny olom-pirenena tsirairay samy manana andraikitra amin'ny fanaraha-maso ny vola ampiasain'ny fahefana mpanatanteraka amin'ny faritra, satria hitan'izy ireo eo antoerana ny fampiasana ny volany.

## 3. Fampihenana ny kolikoly amin'ny tolotra ho an'ny vahoaka

- Ho mora ny fikarakarana ireo taratasim-panjakana , fahasalamana, fanabeazana, ( ka tsy ho ilaina "kolikoly" intsony vao manatanteraka ny mpiasam-panjakana, na ilaina kolikoly vao malaky vita ny zavatra ilain'ny vahoaka.)
- Mora amin'ny vahoaka ny manatona ny tompon'andraikitra amin'ny faritra, satria miara monina amin'izy ireo andavanandro izy ireo ka azo iresahana mivantana.

## 4. Fampiroboroboana ny fitsinjaram-pahefana ara-toekarena sy sosialy

- Ny fahazahoana fahefana hitantana ny harena amin'ny faritra tsirairay, dia hampisy ezaka ny mpitondra amin'ny faritra rehetra hiaro ireo harena voajanahary, sy tontolo iainana eo aminy mba hampiditra hetra amin'ny faritra ny fisian'ireo harena voajanahary ireo.

- -Afaka manara maso tsara ny tontolo iainana sy ireo harena voajanahary ao anaty faritra ny tompon’andraikim-panjakana sy ireo olom-pirenena rehetra ao anaty faritra.
  -Tsy hanaiky ny fanimbana na fanaovana trafika ireo zava-boahary ireo intsony izy ireo satria mahatsapa fa harenany ireo harena ao anaty faritra misy azy.

## 5. Fampihenana ny fahefan’ny fanjakana foibe (Décentralisation effective)

- Amin’ny rafitra État Régional, dia ny faritra no tompon’andraikitra amin’ny fitantanana ny harena misy ao aminy ka mihena ny "kolikoly amin’ny ambaratonga nasionaly" izay miteraka fitiavan-tena (népotisme), kolikoly amin’ny tolo-bidy (marchés publics), ary ny fitantanana tsy misy mangarahara.
- Ny faritra dia afaka mamorona rafitra fanaraha-maso eo aminy , toy ny fitsaranan’ny faritra, vaomiera manokana miady amin’ny kolikoly isaky ny faritra, sns.
- Fa ny fanjakana foibe koa dia manana ny andrikitra manara maso ny fampiasambolan’ny faritra na contrôle de légalité.

Ka hitantsika amin’izany fa sarotra ny manao kolikoly amin’ity rafitra Etat regional ity.

## 6. Fanamafisana ny fampiasana teknolojia vaovao amin’ny fanaraha-maso

- Mahafaka mampiasa malalaka ny fivoarana ara-teknolojia toy ny nomerika ny mpitondra amin’ny faritra amin’ny fanaraha-maso ny fitantanam-bolam-panjakana amin’ny eo aminy.
- -Ny fivoarana teknolojia vaovao ankehitriny dia afaka ampiasaina amin’ny fandoavana hetra, fizarana taratasy ofisialy, ary fanaraha-maso ny kaontim-panjakana.
  -Izany rehetra izany dia hampihena ny kolikoly amin’ny fiaraha miasa amin’ny mpiasam-panjakana.

## 7. Fampitomboana ny andraikitry ny vahoaka amin’ny fitantanana

- Ny faritra dia hisahana mivantana ny olan’ny vahoaka ao aminy, ka hisy fifampiresahana matetika amin’ny vahoaka, amin’ny mpanao politika

- Hisy fiaraha miasa amin'ny sehatra rehetra (Société Civile, ONG, sy ny vahoaka), izay afaka mitaky ny fandaniam-bola ataon'ny mpitondra amin'ny faritra amin'ny tetik'asa ataon'ny governemanta rezionaly., na ny kaominina

## ➢ Ny fampisarahana ny fahefana mpanatanteraka sy ny fahefana mpanao lalàna dia anisan'ny antoka mahomby amin'ny ady amin'ny kolikoly.

Amin'izao fotoana izao**,** ny Filoha ny Repoblika eto Madagasikara dia Filohan'ny Filankevitra Ambony momba ny Fitsarana ihany koa.

Manohintohina ny fahaleovantenan'ny fahefana mpitsara anefa izany **ary** miteraka fahalemena amin'izy ireo ka manamora ny fiparitahan'ny kolikoly eto amin'ny firenentsika**.**

Kanefa**,** ny fisarahan'ny fahefana mpanatanteraka, mpanao lalàna,ary mpitsara dia antoka lehibe iorenan'ny fanjakana tan-dalàna**.**

Raha ambany fahefan'ny mpanatanteraka ny fahefan'ny mpitsara, dia mahafaka manodikodinana na manao tsindry amin'ny fanapahan-kevitry ny fitsarana**,** dia lasa fitaovana politika ny fahefan'ny fitsarana ka tsy lasa hery manohitra ny zavatra tsy mety izay ataon'ny fahefana mpanatanteraka intsony.

Noho izany, ny fahaleovan-tenan'ny Filankevitra Ambony momba ny Fitsarana ao anatin'ity Lalàmpanorenana vaovao amin'ity Etat regional ity dia dingana lehibe mankany amin'ny fanjakana tsara tantana sy tan-dalana, na dia mbola Filohan'ny CSM ara-kevitra aza ny Filohan'ny Repoblika.

Izany indrindra no antony anamarinana ny anjara andraikitra sy ny toeran'ny Filohan'ny Repoblika ao amin'ity sosok'evitra lalàmpanorenana vaovao ity mba tsy hahafahany manararao-pahefana amin'ny maha-Filohan'ny CSM azy, indrindra amin'ny fanendrena ireo Filohan'ny Fitsarana Ambony.

-Ny filohan'ny Répoblika no manendry ny filohan'ny fitsarana ambony (toy ny Fitsarana Tampony momba ny Fitsarana, Fitsarana Tampony misahana ny Didy aman-dalàna, ary ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana), **araka ny tolo-kevitry ny Filankevitra Ambonin'ny Mpitsara (CSM).**"

-Na dia Filohan'ny CSM aza ny Filohan'ny Repoblika, dia tsy mpikambana miara miasa  mivantana ao amin'ny CSM izy.

-Tsy miditra amin'ny fitantanana andavanandron'ny CSM izy, ary tsy manan-jo hifidy, afa tsy amin'ny toe-javatra rehefa misy tsy fitovian-kevitra amin'ny zavatra tapahina (Andininy faha-117).

***Ohatra***: *Any Frantsa, nanomboka tamin'ny taona 2008, dia tsy ny Filohan'ny Repoblika intsony no mitarika ny fivorian'ny Filankevitra Ambony momba ny Fitsarana.*

*Tsy mandray anjara intsony izy amin'ny fanapahan-kevitra momba ny sazy ampiharina amin'ny  mpitsara.*

*Manendry olona iray izy miaraka mivory amin'ny Filankevitra Ambony momba ny Fitsarana*

*Natao io fanavaozana io mba hanomezana fahaleovantena ny fitsarana, araka ny tsikera momba ny  fifangaroan'ny fahefana mpanatanteraka sy mpanao lalàna.*

## Famaranana

Rehefa tafapetraka ny État Régional eto Madagasikara, dia hisy ezaka goavana amin'ny ady amin'ny kolikoly, satria:

✔ Hisy  ny mangarahara amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana amin'ny faritra.

✔ Manana fahefana ny mpitondra amin'ny faritra amin'ny fitantanam-bola izay miditra ao aminy.

✔ Hihena ny kolikoly amin'ny asa izay atao amin'ny vahoaka, satria maro ny mpanara-maso ary mahazo miteny ny rehetra.

✔ Ho voafehy kokoa ny kolikoly amin'ny fanomezana tolo-bidy, satria mahafaka manara-maso ny rehetra ( ny amin'ny faritra sy ny foibe).

Izany rehetra izany dia hampihenana ny kolikoly eto Madagasikara.

✔ Ankoatra izany**,** ny fahazoan'ny Filankevitra Ambony momba ny Fitsarana fahaleovantena amin'ity lalàm-panorenana vaovao Etat regional ity dia dingana lehibe mankany amin'ny fanjakana tsara tantana sy tan-dalàna afahana miady marina amin'ny kolikoly.

# IV- TOMBOTSOAN'NY KAOMININA AMBONIVOHITRA AMIN'NY RAFITRA REZIONALY

-Ny fananganana rafitra vaovao Etat régional dia hitondra tombontsoa maro ho an'ireo kaominina an-tanàn-dehibe rehetra eto Madagasikara.

-Noho ny fizakantenan'izy ireo ara-pitantanana sy ara-bola, ary koa noho ny fidiram-bola avy amin'ny hetra sy haba, dia hanana fahafahana hiara-miasa amin'ireo vondrom-bahoaka hafa amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny fitantanana ifotony (cooperation décentralisée) ireo kaominina ireo. -Ny fiaraha miasa mivantana amin'ny vondrom-bahoaka itsin-jaram-pahefana avy any ivelany amin'ny alalany cooperation décentralisée dia hitondra fampandrosoana maharitra ara-toekarena, sy fanatsarana ny tolotra ho an'ny vahoaka ao anatin'ny kaominina.

Ireto avy ireo tombontsoa lehibe ho azo avy amin'izany :

**1- Fitantanana mahomby ny fampandrosoana ny tanana lehibe.**

Ny fifampizaràna traik'efa amin'ireo tanàna hafa dia manome fahafahana ho an'ireo mpitantana ny kaominina an-tanàn-dehibe eto Madagasikara hamolavola, miaraka amin'ny arsitekta, drafitra fampandrosoana maharitra mandritra ny 25 na 50 taona.

Ity drafitra ity dia ahafahana maminavina sy mandrafitra sahady ireo foto-drafitrasa fototra ilaina amin'ny fanajariana ny tanàna, toy ny fanitarana amin'ny ho avy ny arabe, ny fametrahana kianja filalaovana, zaridaina filalaovana ho an'ny ankizy, sekolim-panjakana, gymnase, trano fonenana, ary foto-drafitrasa maro hafa.

Rehefa voafaritra io drafitra io, dia anjaran'ireo ben'ny tanàna mifandimby ny manaraka sy mampihatra izany.

Afaka hivoatra araka ny lamina mazava sy mirindra avokoa ireo tanàna lehibe eto Madagasikara rehefa misy mialoha izany drafitra fampivoarana Tanana izany, fa tsy toy ny amin'izao fotoana izao izay ahitana fivoarana anaty korontana tanteraka sy tsy voalamina.

Misy aza, amin'ny toe-javatra sasany tafahoatra, fanapahan-kevitra manafintohina no raisina, toy ny fandravana trano efa nahazo alalana ara-dalàna, mba hahafahan'ny fiara vonjy taitra, indrindra fa ny fiara lehibe mpamono afo, miditra any amin'ireo faritra anaty tanàna izay sarotra idirana fiara.

## 2. Fanavaozana sy fanatsarana ny tolotra ho an'ny daholobe

Amin'ny alalan'ny fifanakalozana sy fiaraha-miasa amin'ireo kaominina hafa, dia mahazo fahalalana vaovao ny kaominina eto Madagasikara amin'ny:

- fitantanana ny kaominina.
- amin'ny fomba fikarakarana sy fitantanana ny fitaterana ao anaty kaominina na ao anaty faritra.
- ny fisiana fandriampahalemana,
- ny fikarakarana ny angovo,
- ny fanariana fako

Ireo rehetra ireo dia manatsara ny fari-piainan'ny vahoaka ao anaty kaominina.

## 3. Fomba ahitana famatsiam-bola sy fanampiana avy any ivelany

Mora kokoa amin'ny kaominina ny mahazo famatsiam-bola iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina hafa avy any ivelany amin'ny alalany cooperation décentralisée, ahafahana manatanteraka tetik'asa sy vina fampandrosoana sarotra tanterahina amin'ny loharanom-bolan'ny kaominina.

## 4. Fanofanana amin'ny fahaiza-mitantana ara-panjakana

Mampivelatra ny fahaizan'ireo mpiasam-panjakana amin'ny fitantanana ny kaominina eto Madagasikara ny fifampizarana traik'efa amin'ny kaominina hafa, na avy eto antoerana na avy any ivelany indrindra indrindra amin'ny lafiny fitantanana sy fanatsarana ny tanana , ary ny fanampiana ny vahoaka amin'ny ara-tsosialy.

## 5. Fampiroboroboana ny ara-toekarena sy fitarihana ny mpampiasa vola vahiny

Mampitombo ny fisarihana mpampiasa vola vahiny koa ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina hafa avy any ivelany.

Amin'ny alalan'ny fiarahamiasa amin'ireo kaominina any ivelany , dia afaka manatsara ny lazany any ivelany ny kaominina eto Madagasikara, misarika mpanambola hanorina orinasa eo amin'ny kaominina , ary koa mampivelatra ny sehatra fizahantany, ny asa-tanana, sy ny kolontsaina.

## 6. Fanohanana ny fampandrosoana maharitra sy fahaiza- mitondra manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro

Mifanakalo traikefa amin'ny fampandrosoana maharitra ireo kaominina miara-miasa, toy ny fampiasana angovo azo havaozina, na ny fifehezana ny entona mandoto ny tontolo iainana.

Manampy ny kaominina hahatratra ny tanjona amin'ny fampandrosoana izany, sady manampy azy ireo koa amin'ny fiatrehana ny loza avy amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro.

**7. Fanatsarana ny firaisankina amin'ny fanampiana ara-tsosialy**

Manohana ny tetik'asa manampy ireo olona sahirana ny cooperation décentralisée, manampy koa ny fifanakalozana ara-kolontsaina.

Manohana koa ireo hetsika ara-tsosialy izay manatsara ny firaisan-kina ao anatin'ny fiarahamonina.

**8. Fampiroboroboana ny lova ara-kolontsaina sy ny fizahantany**

Amin'ny alalan'ny fanandratana ny kolontsaina sy ny fomba nentim-paharazana ary ny lova-tsofina dia afaka manamafy ny maha-izy azy ny kaominina na ny tanana iray.

Izany dia afaka mitarika sy mampiroborobo ny fizahantany rehefa misy ny fiaraha-miasa amin'ireo tanàna na kaominina hafa any ivelany.

**9. Fifampizarana traikefa amin'ny fiatrehana ny olana amin'ny**

**tanàn-dehibe**

Manamora ny fifanakalozana traikefa amin'ny fitadiavana vahaolana amin'ireo olana amin'ny tanàn-dehibe ny fiaraha miasa amin'ny kaominina eto Madagasikara sy kaominina avy any ivelany.

Anisan'izany ny fitomboan'ny mponina antanan-dehibe, ny fandotoana ny rivotra (na pollution) , na ny tsy fitoviana ara-tsosialy amin'ny fiaraha monina.

**10. Fanatsarana ny foto-drafitrasa an-tanan-dehibe**

- Amin'ny alalan'ny loharanom-bola ananany, afaka manatsara ny foto-drafitrasa ny kaominina andrenivohitra toy ny arabe, lalana ambanin-tany ( passage souterraine), jiro fanaraha-maso ny fifamoivoizana (feux tricolores), ka tsy voatery intsony ny polisy no mandamina ny fifamoivoizana antanan-dehibe fa afaka mifantoka amin'ny olan'ny filaminam-bahoaka .
- Afaka mamorona zaridaina ho an'ny ankizy, kianja fanatanjahan-tena ho an'ny tanora (baolina kitra, basket, sns.) koa ireo kaominina.

- Ho voavaha ny olan'ny fitohanan-drano amin'ireo tanàn-dehibe noho ny fikojakojana ny fantsona fanarian-drano, avy amin'ny volan'ny kaominina.
- Tsy maintsy ataon'ny kaominina lahara-pahamehana ny fanadiovana tsy tapaka ny fantsona fanariana rano maloto amin'ny tanàn-dehibe rehetra, indrindra ny eto Antananarivo.
- Raha miasa tsara ireo fantsona ireo, dia tsy hisy intsony ny firotsahan'ny tany eto an-dRenivohitra.

## Famaranana :

Ho an'ny kaominina an-tanàn-dehibe, ny fiaraha-miasa amin'ny alalan'ny cooperation décentralisée amin'ny kaominina hafa avy any ivelany dia hitondra tombontsoa maro eto Madagasikara rehefa tafapetraka ny rafitra rezionaly.

Hisy ny fifaninana eo amin'ny samy kaominina, fifaninanana eo amin'ny samy faritra.

Dia izany fifaninanana izany no hitarika fampandrosoana haingana eto Madagasikara.

## V- IREO TOMBOTSOAN'NY KAOMININA AMBANIVOHITRA.

Amin'ny rafitra Fanjakana tokana ankehitriny dia ny mpitondra fanjakana foibe no mandray fanapahan-kevitra rehetra izay ampiharina manerana an'i Madagasikara.

Fa kosa, amin'ny rafitra Fanjakana rezionaly (État régional), dia manana fahefana amin'ny fitantanana ny fampandrosoana eo aminy ny kaominina ambanivohitra, ary afaka miara-miasa mivantana amin'ireo kaominina hafa manerana izao tontolo izao.

Tsy voatery intsony mandalo amin'ny ministera any Antananarivo, fa kosa tsy maintsy ampahafantarina ny lehiben'ny distrika ireo fifanarahana amin'ny kaominina avy any ivelany, satria izy ireo no solotenam-panjakana any ifotony.

Ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina any ivelany na coopération décentralisée dia tena ilaina ho an'ireo kaominina ambanivohitra eto Madagasikara amin'ity rafitra rezionaly ity.

Maro ny tombotsoa ho azon'ireo kaominina ambanivohitra amin'izany fiaraha-miasa izany.

Ireto avy ireo tombontsoa lehibe ho azon'ireo kaominina ambanivohitra amin'ity rafitra ity :

1. **Fanatsarana ny foto-drafitrasa any ifotony :** Ankehitriny, maro amin'ireo faritra ambanivohitra eto Madagasikara no mbola tsy manana foto-drafitrasa fototra toy ny làlana, sekoly, tobim-pahasalamana.

   **Na ohatra** efa misy aza dia ratsy fikarakarana na ratsy endrika. Amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina avy any ivelany amin'ny alalan'ny cooperation décentralisée, dia azo atao ny manangana foto-drafitr'asa vaovao toy ny famatsiana herin'aratra ao aminy ( avy amin'ny rano, masoandro, rivotra) ho an'ireo toerana mbola tsy mahazo izany na manatsara ireo foto-drafitrasa efa misy mba hanatsarana sy hanamorana ny fihainam-bahoaka any ambanivohitra.

2. **Fampidirana rano fisotro madio.**

   Maro amin'ny mponina any ambanivohitra no mbola sahirana amin'ny tsy fisiana **rano fisotro madio** sy **toerana fidiovana**. Rehefa tafapetraka ny rafitra rezionaly, dia afaka manatanteraka vina fampandrosoana manamboatra toerana fizarana rano fisotro madio sy toerana fidiovana sy fanasana lamba ny kaominina ambanivohitra.

Mahafaka manamboatra lava-drano ary toerana maro afahan'ny vahoaka manao fidiovana mba hanatsara ny fahasalaman'izy ireo.

3. **Fanohanana ny vina fambolena :**
   Ny fambolena no loharanom-bola voalohany amin'ny ankamaroan'ny vahoaka eny ambanivohitra.
   Amin'ny fiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena dia afaka hatsaraina ny fomba fambolena eny ambanivohitra .

   Afaka omena masomboly sy fitaovana izy ireo, ary azo ofanina mba afahan'izy ireo mamboly karazam-boly hafa koa sady tsara kalitao .

4. **Fanabeazana sy fanamafisana ny fahaiza-manao :**
   Ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina hafa avy any ivelany amin'ny alalan'ny cooperation décentralisée , dia afaka manome fiofanana ho an'ny tanora vavy sy lahy, ary ireo tompon'andraikitra eo an-toerana. Ireo fiofanana ireo dia mety hifantoka amin'ny fitantanana ny kaominina, fanatsarana ny fambolena, na fitantanana orinasa.

   Izany rehetra izany dia manampy azy ireo amin'ny fanatsarana ny fahaiza-manao afahan'izy ireo mizaka tena amin'ny asa izay ataon'izy ireo.

5. **Fampandrosoana ara-toekarena eo an-toerana :**
   Ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina hafa dia afaka manohana tetik'asa fivelomana ho an'ny tanora (toy ny asa tanana, na orinasa madinika). Izany rehetra izany dia miteraka fidiram-bola amin'ny kaominina, ary manatsara ny fari-piainan'ny vahoaka ao aminy.
6. **Fanatsarana ny fahasalamana :**
   Afaka manangana tobim-pahasalamana ao aminy ny kaominina rehefa tafapetraka ny rafitra rezionaly. Mahafaka manatsara ireo fitaovana ao amin'ny tobim-pahasalamana eo aminy koa ny kaominina. Fa mifanaraka amin'ny zavatra tena ilain'ny vahoaka izany.

   **Ny fiaraha-**miasa amin'ny fikambanana hafa avy any ivelany dia manamora ny asan'ny kaominina amin'ny fikarakarana ny vahoaka ao aminy.

   Ny fiaraha miasa amin'ny fikambanana hafa dia afaka manampy amin'ny fampiofanana ny mpiasan'ny fahasalamana ao amin'ny kaominina.

   Ireo rehetra ireo dia manampy betsaka amin'ny fanatsarana ny fahasalaman'ny vahoaka.

7. **Fiarovana ny tontolo iainana sy fiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro.**

   Eto Madagasikara dia maro ny olana ara-tontolo iainana toy ny fandripahana ny ala sy fiantraikan'ny fiovan'ny toetr'andro.

   Manana adidy miaro ny ala any ambanivohitra ny kaominina ambanivohitra.

   Afaka manohana tetik'asa fambolen-kazo sy fiarovana ny zava-boahary ao aminy koa ny kaominina ambanivohitra.

8. **Fanentanana sy fandraisana anjaran'ny vahoaka :**

   Rehefa mizakatena ny kaominina ambanivohitra amin'ny rafitra rezionaly, dia afaka mampirisika sy manohana ny vahoaka ao aminy handray njara amin'ny tetik'asa fampandrosoana. Izany dia mitondra fanatsarana amin'ny fitantanana ifotony sy mahatonga ny mponina hahatsapa fa manana anjara sy adidy izy ireo amin'ny fampandrosoana ny toerana misy azy.

9. **Fifanakalozana ara-kolontsaina:**

   Amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina avy any ivelany dia azo ampiroboroboina ny kolontsaina Malagasy. Afaka ahafantarana koa ny kolontsaina hafa avy any ivelana izany , ka manampy ny vahoaka amin'ny fanatsarana ny fomba fiainany sady mampiroborobo ny fizahantany.

**10.Fandriam-pahalemana sy fandaminana ny faritra**

- **Fitandroana ny filaminana:**
- Fananganana vondrona polisy na polisy kominaly ifotony hisahana ny fandriam-pahalemana.
- Fampihenana ny asan-dahalo noho ny firoboroboana tetik'asa maro ao anaty kaominina ( betsaka ny asa ho an'ny tanora)
- **Fandaminana ny tsy fifankazahoana ao anaty kaominina:**

  Fametrahana rafitra ara-drazana (toy ny fitsarana ifotony) ho vahaolana amin'ny olana misy amin'ny fiaraha-monina alohany andefasana ny raharaha any amin'ny tribonaly

# Famaranana

Amin'ny ankapobeny, ho an'ireo kaominina ambanivohitra, ankoatra ny harena azo avy amin'ny hetra sy haba, dia ny fiaraha-miasa amin'ny kaominina avy

any ivelany , izay azo tanterahina tsara amin'ny rafitra rezionaly dia hiteraka fampandrosoana any amin'ny kaominina ambanivohitra.

Hanatsara ny fari-piainan'ny tantsaha, hanamafisana ny foto-drafitrasa efa misy, hanohanana ny fampandrosoana maharitra, ary hanomezana fahaleovantena ara-toekarena sy ara-tsosialy ho an'ny fiaraha-monina ambanivohitra.

Eo koa ny fanamafisana ny fandriam-pahalemana.

## VI- TOMBOTSOA HO AN'NY TANTSAHA.

-Rehefa tafapetraka eto Madagasikara ny rafitra État Régional, dia misy tombony maro ho an'ny tantsaha eny ambanivohitra, satria afaka mifehy sy mampiasa malalaka ny vola miditra aminy ny ny faritra sy ny kaominina.

-Vola izay azo avy amin'ny haba sy hetra : 40% mijanona amin'ny kaominina ary 40% omena ny faritra, 20% arotsaka amin'ny tahiry iombonana.

Ireto ary ny tombony ho an'ireo mpamboly eny ambanivohitra.

### A- NY TOMBOTSOA AZO AMIN'NY FISIAN'NY RAFITRA MANOKANA.

**1. Fampitomboana ny teti-bola ho an'ny fampandrosoana eny ifotony**

- Satria 40% amin'ny haba sy hetra mijanona amin'ny kaominina ary 40% omena ny faritra, dia midika izany fa misy vola azon'ny vondrom-bahoaka itsinjarampehefana hitsinjovana ny filàna eny ifotony.
- Hanana fahafahana hanatsara ny fotodrafitr'asa ilain'ny tantsaha, toy ny lalana, tsena, lalamby, ary tobim-pamokarana ny kaominina.

**2. Fanatsarana ny fotodrafitr'asa ara-pambolena**

- Afaka manangana "SILO" fitahirizana vokatra, fanamboarana tambazotran-drano fisotro madio sy fanondrahana, ary fananganana tsena manara-penitra ny faritra.
- Mahafaka manatsara ny lalana manodidina azy ny kaominina ,mankany amin'ny fokontany manodidina sy tsena, ka hanamaivana ny fifanakalozana ara-barotra eo anivon'ny kaominina.

**3. Fanohanana ara-bola sy ara-teknika ny tantsaha**

- Satria manana fidiram-bola mazava ny kaominina sy ny faritra, dia afaka manohana ireo tantsaha eo aminy amin'ny alalan'ny teti-bola fanampiana, fizarana masomboly, fitaovana, sy zezika mba hampitombo ny vokatra azo eo amin'ny kaominina sy ny faritra.
- Mety hisy fanohanana amin'ny teknika fambolena maoderina, amin'ny alalan'ny fanomezana fiofanana sy fanofanana ho an'ny mpamboly.
- Afaka mifandray amin'ny mpampiofana avy any ivelany amin'ny alalany cooperation décentralisée mba hisiana fifanakalovana traikefa eo amin'ny samy mpamboly.

**4. Fahaleovantena ara-toekarena ho an'ny faritra**

- -Tsy mila miandry baikon'ny fanjakana foibe amin'ny fanapahan-kevitra ara-bola intsony ny kaominina sy ny faritra amin'izay tetik'asa tiany tanterahina.
  -Ny tsara ho fantatra anefa dia tsy maintsy manao tatitra amin'ny lehiben'ny district na prefet ny mpitondra amin'ny kaominina sy ny mpitondra amin'ny faritra amin'izay tetik'asa atao na fifanarahana atao miaraka amina kaominina na faritra hafa, na eto antoerana na avy any ivelany.
  Ny Chef District na ny Prefet manko no solotenan'ny fanjakana ao amin'ny faritra na ao amin'ny kaominina.
- -Ny faritra sy ny kaominina dia afaka mametraka politika fampandrosoana mifanaraka amin'ny zava-misy eo aminy, fa tsy miankina amin'ny politika nasionaly izay matetika tsy mirakitra tsara ny filàn'ny tantsaha.
  -Ireo politika fampandrosoana ireo dia omena ny solotenam-panjakana eo antoerana dia ny prefet de region na lehiben'ny district.

**5. Fampiroboroboana ny indostria ara-pambolena sy ny fandraharahana eo an-toerana**

- Manana fidiram-bola avy amin'ny haba sy hetra ny kaominina na ny faritra. Ka noho izany dia afaka manangana orinasa mpanodina vokatra (transformation agroalimentaire), toy ny famokarana lafarinina, menaka, sy entana hafa vita avy amin'ny vokatra eo antoerana izy ireo.
- Hanamora ny fandraharahana eny ifotony izany, satria mampitombo ny hetra ho an'ny faritra sy ny kaominina ary koa manamora ny fananganana orinasa eny ifotony.

**6. Fampiroboroboana ny tsena anatiny sy fanatsarana ny vidin'ny vokatra**

- Ny fahazoan'ny faritra sy ny kaominina vola azo avy amin'ny haba sy hetra, dia afahan'izy ireo manamboatra tsena afahan'ny tantsaha mivarotra ny vokatra eo antoerana.
- Ny kaominina dia afaka manangana rafitra fanaraha-maso ny vidin'ny entana, hisorohana ny fividianana mora loatra amin'ny mpamboly sy ny fivarotana lafo be any amin'ny tanàn-dehibe.

**7. Fampihenana ny fahantrana eny ambanivohitra**

- -Raha tsara ny fampiasana ny vola amin'ny hetra, dia afaka manao ezaka ny mpitondra eny ami'nny kaominina mba ahazoan'ny tantsaha tombony .
  -Rehefa mahazo tombony ny tantsaha dia mitombo ny vola miditra ao aminy ary mihena ny fahantrana.
  -Izany ezaka rehetra izany dia hitarika fitomboan'ny fari-piainan'ny mponina eny ambanivohitra.
- Afaka manangana sekoly sy tobim-pahasalamana ary manatsara ny fitaovana ara-pitsaboana ny kaominina sy ny faritra ka hisy fandrosoana ny fampianarana sy ny fahasalamam-bahoaka eny ifotony.

## B- TOMBOTSOA AZO AMIN'NY FIVAROTANA NY VOKATRAN'NY TANTSAHA.

Rehefa tafapetraka ny lalam-panorenana Etat Régional eto Madagasikara, dia ny vondrom-bahoakam-paritra (faritra, kaominina) dia mahafaka manao fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana vahiny amin'ny sehatry ny fambolena.
Ireto no fomba fiasa amin'izany.

### 1. Rafitra ara-panjakana.

- Amin'ny maha-fanjakana rezionaly azy, ny vondrom-bahoakam-paritra (faritra, kaominina) dia manana fahefana amin'ny fanaovana fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny vondrom-bahoakam-paritra hafa, na eto antoerana na any ivelany.
Tsy ilàina fankatoavan'ny fanjakana foibe intsony izany fiaraha miasa izany.
- Saingy misy lalàna mamaritra ny fetran'izany fifanarahana izany sy ny fomba fampiharana azy, mba hisorohana ny fifandirana amin'ny fahefana foibe.
- Ny Prefet sy ny Lehiben'ny distrika dia misolo tena ny fahefana foibe amin'ny fanaraha maso ny fomba fiasan'ny olom-boafidy amin'ny faritra sy kaominina.
- Sady manome toro-hevitra azy ireo koa raha misy ny olana : " Manaja ny lalàna misy amin'ny tany sy fanjakana ve ry zareo.
-Raha misy ny olana dia ry zareo koa no manoro hevitra amin'ny tokony atao".

### 2. Fiaraha-miasan'ny mpamboly ( Cooperation décentralisée agricole ).

Ny vondrom-bahoakam-paritra dia afaka miara miasa amin'ny faritra, departemanta na kaominina vahiny amin'ny sehatra maro momba ny fambolena, toy ny:

**a) Fifanakalozana traikefa ara-teknolojia sy fahalalana**.

- Fiaraha-miasa amin'ny faritra efa mandroso amin'ny sehatry ny fambolena (oh: faritra any Frantsa, Italia, na Chine sns ) mba hahazoana teknika vaovao (fambolena maharitra, agro-ekolojia, tekinia fanondrahana moderina).
- Fanofanana ny tantsaha sy ny tekinisianina amin'ny alalan'ny fifanakalozana traikefa amin'ireo manam-pahaizana avy any ivelany.

**b) Fanohanana tantsaha amin'ny Fambolena.**

- Fananganana fikambanana tantsaha ( cooperative agricole) sy fiaraha-miasa amin'ireo faritra mpiara-miasa vahiny na eto antoerana hanatsarana ny fikarakarana ny vokatra.
- Fampiroboroboana ny tobim-pamokarana sy fanodinana vokatra eto an-toerana (menaka manitra, sakafom-panafody, voankazo maina, sns).

**c) Fanamora ny Fivarotana sy Fanondranana Vokatra.**

- Fifanarahana amin'ny vondrombahoaka-mparitra any ivelany mba hanamora ny fanondranana vokatra any amin'ny tsena iraisam-pirenena (ohatra: fiaraha-miasa eo amin'ny faritra iray eto Madagasikara sy ny faritra hafa any ivelany amin'ny fanondranana lavanila, letchis, poma , paiso na zava-maniry hafa).
- Fametrahana mari-pamantarana ara-paritra (label) mba hiantohana ny kalitao sy ny fiavian'ny vokatra.

**d) Fampandrosoana Ambanivohitra sy Fampiasam-bola**.

- Fifanarahana amin'ny famatsiam-bola amin'ny tetikasa fanondrahana, fambolen-kazo, ary fanatsarana ny kalitaon'ny tany.
- Fidirana amin'ny tahirim-bola iraisam-pirenena ho fanohanana ireo tantsaha (ohatra: famatsiam-bola avy amin'ny Vondrona Eoropeana amin'ny alalan'ny vondrom-bahoakam-paritra mpiara-miasa).

**e) Fifanakalozana Traikefa momba ny Politika Ara-pambolena**.

- Fizarana traikefa amin'ny fikarakarana nofo tany, fambolena maharitra, ary faharetan'ny fambolena amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro.
- Fiaraha-miasa amin'ny fitantanana sy fampiroboroboana ny tsenan'ny vokatra ara-pambolena eny ifotony sy amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

**3. Tombontsoa sy fanamby amin’ny fiaraha-miasa ara-pambolena ifotony.**

**Tombontsoa:**

- Fampiroboroboana haingana ny fambolena any amin'ny faritra satria tsy miankina amin'ny fanjakana foibe intsony.
- Fampivoarana ny fifandraisana ara-toekarena eo amin'ny mpamokatra malagasy sy ny tsena vahiny.
- Fanamafisana ny fahafahan'ny tantsaha mahazo famatsiam-bola iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny vondrom-bahoakam-paritra any ivelany.

**Fehiny.**
- Ny fampiarana ny lalam-panorenana Etat Regional eto Madagasikara, dia manome fahefana ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana eto Madagasikara hitady fifanarahana amin'ny vondrom-bahoakam-paritra any ivelany amin’ny sehatry ny fambolena
- Ireo fifanarahana ireo dia hanatsara ny vokatra, ny fivarotana ary ny fampandrosoana ny tantsaha Malagasy.
- Ankoatr'izay, hanamaivana ny elanelana misy eo amin’ny tanàn-dehibe sy ny eny ambanivohitra ity rafitra ity, ka hanamora ny fampandrosoana ara-pambolena maharitra sy mirindra eto Madagasikara.

## VII- TOMBOTSOA HO AN’NY MPANJONO AN-DRANOMASINA

Raha mampihatra ny  Lalàm-panorenana Etat regional na Fanjakana rezionaly i Madagasikara, ka ny fidirambalan’ny fanjakana foibe avy amin’ny haba amin’ny fadin-tseranana (varotra ivelany)  ary ny fidiram-bolan’ny kaominina sy

faritra kosa avy amin'ny hetra sy haba ao an-toerana , ary ny 40% mipetraka ho an'ny kaominina ary 40% ho an'ny faritra, dia mahazo tombontsoa maro ny mpanjono an-dranomasina any amin'ny faritra amorontsiraka, na ambanivohitra na an-tanàn-dehibe, indrindra ireo mivondrona ao anaty koperativa.

**1- Fitantanana tsara kokoa ny harena an-dranomasina eo an-toerana.**

Manana fahefana amin'ny fitantanana harena an-dranomasina ny faritra rehera manamorona ranomasina ka afaka mitantana izany araka ny zava-misy eo an-toerana izy ireo, izay matetika tsy takatry ny fanjakana foibe. ( ohatra ny isan'ny mpanjono amin'ny kaominina, ny vanim-potoana tokony afahana manjono, fomba fanomezan-dalana ny mpanjono, sns.),

**2- Fanamafisana ny toekarena eo an-toerana ho an'ny tombontsoan'ny mpanjono.**

- Raha mahazo 40% amin'ny vola miditra avy amin'ny hetra ny kaominina, dia afaka manohana ny asa rehetra mampiditra hetra sy haba ao anatin'ny kaominina.

Ny jono madinika sy semi-indostrialy, izay matetika mbola tsy ara-dalàna, dia ho tohanana mba hanangana koperativa na fikambanana.

Mampitombo ny haba sy ny hetra ao anaty kaominina izany.

Ho tamberiny dia manatanteraka tetik'asa ilain'ny mpanjono eo antoerana ny kaominina (tsena, trano fitahirizana trondro na chambre froide , làlana mikasika ny fahazoan-dalana mandeha manjono any anaty ranomasina, sns.).

**3- Fanetsiketsehana ny kaominina hanome lanja ny vokatra avy amin'ny jono.**

Arakaraky ny firoboroboan'ny fanjonoana an-dranomasina no mampitombo ny vola miditra amin'ny hetra ao amin'ny kaominina (oh: hetra avy amin'ny orinasa madinika mikarakara trondro, hetra azo avy amin'ny varotra, sns.)

Izany dia manosika ny kaominina hanohana ny :

- Fananganana orinasa mikasika ny fikarakarana sy fanodinana trondro (fanamainana, fanosihosena, fampangatsiahana),

- Fanamboarana tsena ao anaty kaominina.

- Fananganana rafitra manokana ho an'ireo mpanjono an-dranomasina mba manome lanja azy ireo.

### 1- Fanamboarana foto-drafitrasa ilain'ny mpanjono an-dranomasina.

Noho ny hetra azo avy amin'ny fanjonoana an-dranomasina dia mahafaka manamboatra sady manatsara ireo foto-drafitrasa izay ilain'ny mpanjono ny kaominina. Izany hoe miverina amin'ny mpanjono ihany ny vola naloany**.**

Rehefa mandray anjara amin'ny toekarena eo an-toerana ny mpanjono amin'ny fandoavana hetra, dia mahatsapa fa mahazo tombony amin'ny fanamboaran'ny kaominina foto-drafitrasa ho azy ireo ka marisika mandoha hetra..

Ohatra:

- Manamboatra trano fitahirizana trondro ny kaominina ( chambre froide)

- Mandoa hetra eo an-toerana ny koperativa → Mananganana orinasa fanamboarana lakana ny kaominina, na manampy amin'ny fanofanana momba ny jono.

### 5- Afaka mampiasa vola amin'ny sehatra lehibe koa ny Faritra.

Ireo 40% anjaran'ny Faritra kosa dia azo ampiasainy amin'ny fanatanterahana tetik'asa samihafa:

- Làlana mampitohy ny kaominina ao anatin'ny faritra,

- Politika fiarovana ny fari-dranomasina ou Air Maritime Protegée (AMP),

- Fitsipika mifanaraka kokoa amin'ny zava-misy eny an-toerana (fotoana azo anjonoana),

- Fampiofanana ny tanora amin'ny sehatra fanjonoana.

### 6- Fahaleovan-tenan'ny faritra sy kaominina: tsy miankina intsony amin'ny fanjakana foibe.

➢ Raha voafehy tsara ny hetra eo an-toerana, dia afaka miroso amin'ny fampandrosoana ny kaominina sy ny faritra amorontsiraka rehetra ka tsy miandry baiko na vola intsony avy amin'ny fanjakana foibe.

➢ Afaka manafaingana ny tetikasa toy ny:

- Fanamboarana sy fikojakojana ny seranan'ny mpanjono,

- Mahafaka manara-maso ny jono tsy ara-dalàna,

- Fampandrosoana ny fizahan-tany amin'ny jono na fizahan-tany an-dranomasina.

**7- Fiaraha-miasa amin'ny mpanjono malagasy sy vahiny**.

Amin'ny rafitra rezionaly dia afaka manao fiaraha-miasa mora kokoa amin'ny mpanjono vahiny ny mpanjono malagasy rehefa mivondrona ao anaty koperativa, amin'ny fifanakalozana fahaiza-manao sy ny ara-teknolojia.

Ahafahana:

- Mianatra teknika moderina amin'ny fomba fanjonoana (oh: harato tsy manimba ny tontolo iainana),

- Mampianatra fomba fanaraha-maso ny toerana misy trondro, mba tsy ho lany fotoana hivezivezy any an-dranomasina ny mpanjono.

- Manamafy fahaiza-manao amin'ny sehatra maro toy ny fikarakarana ny trondro, fananganana toerana fampangatsiahana sns:

**8- Fiarovana amin'ny fitrandrahana tafahoatra ataon'ny vahiny**.

Raha mahazo fahaleovan-tena ara-toekarena ny Faritra, dia afaka mandrindra tsara kokoa ny fotoana iasan'ny mpanjono, indrindra rehefa miara miasa amin'ireo orinasa lehibe avy any ivelany.

- Afaka mametraka fitsipika hentitra kokoa ny mpitondra amin'ny faritra mba ho fiarovana ny harena an-dranomasina mba hanamafisana ny jono maharitra.

**Famintinana:**

Raha ampiharina tsara io rafitra rezionaly io eto Madagasikara, dia manana fidiram-bola avy amin'ny fanjonoana ny kaominina rehetra amoron-dranomasina ka afaka mampisongadina tsara ny asan'ny mpanjono ho loharanom-bolan'izy ireo.

## VIII- VAHAOLANA AMIN'NY FAMOKARANA HERINARATRA.

Ny fametrahana ny rafitra État Régional eto Madagasikara no vahaolana malaky amin'ny famatsiana herinaratra manerana ny Nosy.

Mazava tsara ny fidiram-bola amin'ny fanjakana foibe ( haban-tseranana) sy ny faritra ary ny kaominina ( haba sy hetra ) amin'ity rafitra vaovao ity.

Ny faritra tsirairay dia afaka mampiasa ny loharano voajanahary misy eo aminy mba hamokarana herinaratra (tohadrano, masoandro, rivotra, biogaz,arin-tany sns.).

Ireto ary ny vahaolana afaka amahana ny olana amin'ny famokarana herinaratra eto Madagasikara.

## 1. FANATSARANA SY FAMPIASANA IREO LOHARANON-KARENA VOAJANAHARY AMIN'NY FARITRA

Amin'ny rafitra rezionaly dia samy manana fahefana mamokatra herinaratra ny faritra tsirairay amahany ny olana ao aminy araka ny loharanon-karena voajanahary misy ao aminy.

### a) Fampiroboroboana ny angovo azo avy amin'ny rano (hydroélectrique)

-Madagasikara dia manana toha-drano maro izay azo ampiasaina amin'ny famokarana herinaratra, toy ny Andekaleka, Mandraka, sy Sahofika ary maro hafa koa.

-Ireo toha-drano ireo dia afaka mamokatra tsara herinaratra ao anatin'ny faritra, sady afaka manome herinaratra ho an'ny faritra hafa izay akaiky azy koa.

-Efa fantatra hatramin'ny ela moa ireo toha-drano misy eto Madagasikara ireo, ka anjaran'ny governemanta rezionaly ny manapakevitra sy mitady vola hanatanterahana ny foto-drafitr'asa.

- Afaka mitady fanampiana any ivelany.
- Mahafaka manatanteraka fotodrafitr'asa mamokatra herinaratra ao anaty faritra amin'ny alàlan'ny PPP (Partenariat Public-Privé)
- Afaka manomana mpiasa eo antoerana hitantana ny foto-drafitr'asa.

### b) Fampiasana ny arin-tany (charbon de terre) ao Sakoa, Atsimo Andrefana

-Ny fampiasana ny arin-tany na charbon de terre dia ahafahana mamokatra herinaratra (centrale thermique à charbon) amin'ny fomba madio sy mahomby ao anatin'ny faritra sy ho an'ireo faritra manodidina.

-Mila tetik'asa mazava tsara afahana mananganana ozinina "clean coal technology", ahafahana mampiasa arin-tany mba tsy handoto ny tontolo iainana.

- Ireo faritra hafa misy serana-tsambo na misy fitaterana fiaran-dalamby dia afaka manafatra arin-tany avy any Sakoa avokoa, dia afaka mamokatra herinaratra amin'ny charbon de terre koa.

- Mila manomana vola kosa hanatsarana ny tontolo iainana rehefa mamokatra herinaratra azo avy amin'ny arin-tany.

**c) Fampiroboroboana angovo azo havaozina (solaire, éolien) ho an'ireo faritra lavitra tambajotra**

- Ireo faritra ambanivohitra sy lavitra tambajotran-jiro mitoka-monina dia mila rafitra madinika amin'ny alàlan'ny:
    - ✓ Herin'ny masoandro (solaire)
    - ✓ Herin'ny rivotra (éolien) amin'ny toerana ahazoan-drivotra matanjaka toy ny any amin'ny amorontsiraka.

- Ny hetra miditra amin'ny kaominina sy ny faritra dia azo ampiasaina amin'ny fananganana toby famokarana madinika araka ny vahaolana azo tanterahina.

1. **FANANGANANA "FOIBEM-PARITRY NY ANGOVO" ( Agence Régionale de l'Energie)**

- Samy hanana ny « FPA » na foibem-paritry ny Angovony ny faritra tsirairay afahan'ireo tompon'andraikitra mampiroborobo sy mikarakara ireo tobim-pamokarana herinaratra ao anatin'ny faritra

- .Misy fiaraha miasa eo amin'ny Foibem-paritry ny angovo amin'ny faritra tsirairay afahan'izy ireo mifanampy amin'ny famahana ny olana amin'ny famatsiana herinaratra.

2. **FIDIRAM-BOLA SY FAMPIASAM-BOLA AMIN'NY ANGOVO**

-Mora amin'ny faritra sy kaominina manamboatra fotodrafitr'asa famokarana herinaratra madinidika amin'ny vola azon'izy ireo amin'ny haba sy hetra, na amin'ny fiaraha miasa amin'ny faritra na kaominina hafa ( cooperation décentralisée).

-Ampirisihina ny orinasa madinika sy salantsalany (PME) amin'ny famokarana sy fitsinjarana herinaratra ho an'ireo faritra lavitra tambajotra.


-Ho an'ireo fotodrafitr'asa tena goavana kosa dia azony faritra atao ny mitady fanampiana any ivelany, nefa kosa tsy maintsy manaja ny lalàna velona eto Madagasikara.

## Fehiny

Ny rafitra État Régional dia manome fahafahana lehibe amin'ny famahana ny olana amin'ny herinaratra eto Madagasikara satria samy manana fidiram-bolany manokana ny fanjakana foibe, ny faritra ary ny kaominina.

1- Ny faritra dia afaka manao fotodrafitr'asa mamokatra herinaratra amin'ny vokatra voajanahary misy eo aminy (hydroélectrique, charbon, solaire, éolien).
2- Afaka mifanaraka amin'ireo mpampiasa vola sy orinasa tsy miankina eo aminy mba hamokarana ny angovo ao anatin'ny faritra ( PPP).
3- Afaka manatsara ny fitantanana sy fampiasana ny hetra azo avy amin'ny angovo mba hahazoan'ny faritra tombony mivantana.

# Hydroélectricité



**Région BONGOLAVA**

- Ampitabepoaky 1,3 MW
- Fierenana 260 kW
- Bezavona 290 kW
- Mandalobe 290 kW

**Région ANALAMANGA**

- Mahavola 300 MW
- Manankazo 0,35 MW
- Angadanoro 2,3 MW
- Ranomafana 70 MW
- Mandraka II 56 MW
- Merimandroso 370 kW
- Soamiandrinirainy 250 kW
- Antanambao 1,38 MW
- Manjakony 5 MW
- Sisaony 5 MW

**Région ITASY**


- Lily 3,5 MW : en 2006 SAEE
- Ambohiboto 1,83 MW

**Région VAKINANKARATRA**

- Tsinjoarivo 21 MW
- Talaviana 15 MW
- Antetezambato 210 MW
- Mananety 450 kW
- Itenda 1800 kW

# ANTANANARIVO

# Hydroélectricité



## Région DIANA

| | |
|---|---|
| - Bevory | 12 MW |
| - Andranomamofona | 11 MW |
| - Ampandriambazaha | 30 MW |


## Région SAVA

| | | |
|---|---|---|
| •Anjialava | 5 | MW |
| •Lokoho | 6 | MW |
| •Bemarivo | 7 | MW |
| •Antsiafampiana | 1,2 | MW |
| •Ankitsika | 1 | MW |
| •Ampamokiana | 1 | MW |
| •Ambatomitatao | 110 | kW |
| •Bemanavy | 100 | kW |
| •Lokoho Amont | 1,6 | MW |
| •Ambalamaheva | 520 | kW |
| •Antohakabe | 400 | kW |
| •Sarahandrano | 560 | kW |
| •Andranolava | 50 | kW |
| •Andengibe | 200 | kW |
| •Bejono | 400 | kW |

# ANTSIRANANA

O.R.E
Office de Régulation de l'Electricité

# Hydroélectricité



**Région ANALANJIROFO**

- Vohibato 18,8 MW
- Ambodiriana 40 kW
- Saranambana 550 kW

**Région ALAOTRA MANGORO**


- Andramarolasy 0,3 MW
- Sahofika 192 MW
- Lohavanana 120 MW
- Vatopaka 220 kW
- Natoriana 220 kW
- Andrianabe 210 kW
- Ambohidava 470 kW

**Région ATSINANANA**

- Volobe Amont 120 MW
- Ambodiriana 0,4 MW

# TOAMASINA

# Hydroélectricité





# MAHAJANGA

140/227

O.R.E
Office de Régulation de l'Electricité

# Hydroélectricité



## Région AMORON'I MANIA

- Tratrambolo 4,5 MW
- Antaralava 0,67 MW
- Tazonana 8 MW
- Fatihita 24 MW
- Andriamanjavona 730 kW
- Imito 90 kW
- Ankarinarivo 60 kW

## Région HAUTE MATSIATRA

- Tsitongapiana 190 kW
- Andriana 60 kW
- Fanindrona / Andrianabe 220 kW
-

## Région VATOVAVY FITOVINANY

- Namorona II 16 MW
- Sahalanona 9 MW


## Région IHOROMBE

- Angondongodo 160 kW

## Région ATSIMO ATSINANANA

- Rianambo 420 kW
- Betoafo I 105 MW
- Itete 2,4 MW

# FIANARANTSOA




**<u>N.B :</u>** Ny faritanin'ny Toliary dia tsy manana toha-drano betsaka, nefa kosa manana arintany mitentina 3 miliara taonina ( 3 milliards de tonnes de charbon de terre )

# FEHINY :

Atokisana fa ho voavaha ny olana amin'ny famatsiana herinaratra eto Madagasikara rehefa tafapetraka ny rafitra Etat Rezionaly satria tsy maintsy hitady famatsiana ara-bola hanatanterahana foto-drafitr'asa amin'ny toha-drano (station hydraulique) na amin'ny central thermique à charbon ny tompon'andraikitra amin'ny faritra tsirairay afahan'ireo mpandraharaha tonga manangana orinasa eo aminy.

Ny andraikitry ny fanjakana foibe dia ny mandamina sy mandrindra mba hisian'ny filaminana.

## IX- VAHAOLANA AMIN'NY TSY FISIANA RANO AMIN'IREO TANÀNA LEHIBE ETO MADAGASIKARA.

Lasa olana tsy voavaha ankehitriny ny tsy fisiana rano fisotro madio amin'ny tanàn-dehibe eto Madagasikara, indrindra fa ao Antananarivo.

Ity toe-javatra ity dia vokatry ny rafitra fampivangongoana fahefana (centralisme) eto Madagasikara.

Ny fahefana rehetra ara-pitatanana sy ara-bola dia eo eo am-pelatanan'olona tokana , dia ny Filohan'ny Repoblika hatramin'ny taona 1973 ka hatramin'izao.

Tsy afaka mamaha irery io olana io anefa ny fanjakana foibe, ary mbola maro ihany koa ny olana eto amin'ny firenena mbola tsy ahitana vahaolana, toy ny angovo ka miteraka delestazy sy ny hafa koa

Ny fampiharana ny rafitra **État regional** irery ihany no vahaolana maharitra amin'ity olana tsy fahampiana rano ity.

Mazava tsara ny fizarana ny loharanom-bola eo amin'ny fahefana foibe sy ny fahefana isam-paritra amin'ity rafitra rezionaly ity:

- Ny vola azo avy amin'ny fadin-tseranana dia an'ny fanjakana foibe.

- Ny vola azo amin'ny hetra sy ny haba kosa dia zaraina amin'ny faritra sy ny kaominina, ka:

  - 40 % ny vola miditra amin'ny kaominina dia mijanona amin'ny kaominina,

  - 40 % avy amin'ny kaominina rehetra ao anaty ny faritra kosa dia omena ny Faritra.

-Noho io fandaminana io, dia afaka miara-miasa ireo kaominina maromaro eo amin'ireo tanan-dehibe amin'ny fananganana " STATION DE POMPAGE" (toerana fanangonana sy fikirakirana rano ho an'ny mponina).

-Afaka manohana ireo tetik'asa ireo ny Faritra amin'ny alalan'ny loharanom-bolany manokana.

Noho izany, tsy mila miandry intsony ny fahefana foibe amin'ny famahana ny olan'ny famatsiana rano fisotro madio ho an'ny tanàn-dehibe rehetra eto Madagasikara.

Ny olom-boafidy isam-paritra sy ireo mpandraharaha ao amin'ny kaominina mihitsy no handray andraikitra amin'izany amin'ny fampiasana ny volan'ny kaominina manokana, mba hamahana ny olana tsy fisiana rano .

# X- TOMBOTSOA AMIN'NY LAFINY FAMPIANARANA.

Raha tafapetraka eto Madagasikara ny rafitra État Régional, dia hitondra fanatsarana lehibe amin'ny lafiny fampianarana.

Mazava tsara ny vola miditra amin'ny fanjakana foibe : ny fadin-tseranana, ary ny vola miditra amin'ny haba sy ny hetra ao anatin'ny faritra kosa ho an'ny faritra sy kaominina.

Mbola eo koa ny vola miditra avy amin'ny akora stratejika

Ireto ny tombony azo amin'ity rafitra ity amin'ny lafiny fampianarana:

## 1 – Fampianarana tsy andoavam-bola ho an'ny ankizy rehetra.

*(Andininy faha-24 sy faha-25 amin'ny sosok'evitra momba ny Lalàm-panorenana Etat regional )*

Amin'ity sosok'evitra lalàm-panorenana Rafitra rezionaly ity, ny fanamboarana sy ny fikarakarana ny sekoly sy ireo toeram-piofanan'ny tanora dia andraikitry ny Faritra sy ny Kaominina**.**

Ny Faritra sy ny kaominina izany no tompon'andraikitra amin'ny fanomezana fitaovana ilaina amin'ny fanabeazana toy ny: la craie fanoratana, ny latabatra sy seza, boky ilaina amin'ny tranom-boky ( na bibliothèque) , sns.

Ny fanjakana foibe kosa no tompon'andraikitra amin'ny fandraisana sy fanomanana mpampianatra satria fonksionera izy ireo.

Ny fanjakana foibe koa no mandahatra ny fandaharam-pianarana mba hahazoana programam-pianarana mitovy amin'ny CEG ka hatramin'ny Lycée manerana any Madagasikara.

**• Ny fanabeazana dia maimaim-poana ho an'ny ankizy rehetra:**

Zo ny ankizy ny mianatra ka tsy tokony mandoa vola ny Ray Amandreny mampianatra ny zanany.

Tsy andoavam-bola ny fisoratana anarana sady tsy mandoa karaman'ny mpampianatra toy ny amin'ny mpampianatra FRAM tahaka izao intsony.

Ny **kaominina** no miandraikitra ny ny fitaovana rehetra ilain'ny sekoly ambaratonga voalohany EPP sy ny CEG.

Adidin'ny ray aman-dreny kosa ny mampianatra ny zanany.

Raha tsy mandefa ny zanany mianatra ny Ray Amandreny dia sazina araka ny lalàna isam-paritra.

Ny Faritra kosa no miandraikitra ny fanamboarana sy fikojakojana ny Lycée sy Oniversite, ary koa ny fanofanana ny tanora ao amin'ny faritra.

Miandraikitra ny fizarana vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra sy ny ankizy mendrika avy amin'ny fianakaviana sahirana ihany koa ny faritra.

**N.B :** *Manana adidy tsy maintsy mandoa hetra sy haba kosa ny olom-pirenena rehetra afahan'ny Kaominina sy Faritra manatanteraka izany andraikitra rehetra izany.*

### 1. Fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana eo anivon'ny faritra

- Ho afaka manapa-kevitra amin'ny politika fanabeazana ao aminy ny faritra tsirairay, mifanaraka amin'ny filàn'ny mponina ao aminy.
- Mahafaka mampiditra amin'ny programa ny fampianarana ny fomba amam-panao ( na culture) sy ny fomba fiteny ny faritra ny mpitondra.
- Mahafaka manokana vola bebe kokoa amin'ny fampianarana sy fiofanana amin'ny asa misy ao amin'ny faritra ( ohatra, fiofanana ara-jono, fiofanana amin'ny fambolena, fiofanana amin'ny fandraisana olana mpizaha tany sns……) vola azo avy amin'ny hetra, satria mazava tsara fa ny fitantanana akaiky dia tsara sy mahomby kokoa noho ny fitantanana lavitra any amin'ny fanjakana foibe.

**Tombotsoa** : Mifanaraka tsara amin'ny filana amin'ny faritra ny fampianarana ka manamora kokoa ny fianarana ho an'ny tanora, na amin'ny fianarana, na amin'ny fitadiavana asa.

### 2.Fampandrosoana ny Fotodrafitrasa Ara-panabeazana isam-paritra

Hisy fivoarana ny fampianarana amin'ny faritra rehetra eto Madagasikara satria tsy miandry ny fanjakana foibe intsony ny faritra raha te hanamboatra na hanatsara ny sekoliny sy ny fomba fampianarana ao aminy.

- Fananganana sekoly mifanaraka amin'ny filàna sy ny fepetra ara-toetrandro isaky ny faritra:
    - Ny kaominina no miandraikitra ny fananganana sekoly fanabeazana fototra sy CEG. (Collèges d'Enseignement Général)

- Ny faritra no tompon'andraikitra amin'ny fananganana Lycée sy Oniversite.

- Fanavaozana sy fanatsarana ny fitaovana fampianarana (tranomboky, laboratoara, fitaovana informatika) amin'ny alalan'ny hetra alain'ny kaominina sy faritra.
- Fanamorana ny fidirana amin'ny oniversite sy ambaratonga ambony ao amin'ny faritra, tsy mila mifindra monina any amin'ny renivohitra intsony raha te hianatra amin'ny oniversite.

▸ **Tombony** :

- Fampihenana ny tsy fitovian'ny fahafahana miditra an-tsekoly eo amin'ny faritra ambanivohitra sy an-tanàn-dehibe.
- Fanabeazana maimaim-poana.( Tsy mandoa vola intsony ny Ray aman-dreny rehefa mampiditra ny zanany mianatra)

**3. Fampitomboana ny fitaovana sy ny fandaharan'asa pedagogika**

- Ny vola azon'ny mpitondra amin'ny faritra avy amin'ny haba sy ny hetra dia afahan'izy ireo mividy fitaovana fanabeazana (boky, ordinatera, laboratoara, sns.) hanatsarana ny fahalalan'ny mpianatra eo aminy.
- Mahafaka mamolavola fandaharan'asa pedagogika mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana ny mpitondra any amin'ny faritra, toy ny fampianarana teknika mifandraika amin'ny toe-karena any an-toerana.

**Tombotsoa** : Hitovy ny fampianarana na eny ambanivohitra na eny ambanivohitra satria samy hitovy ny fitaovana ampiasaina ( boky, ordinatera, laboratoara sns……)

**4. Fanatsarana ny fari-piainan'ny mpampianatra sy ny mpianatra**

- -Afaka manatsara ny karaman'ireo mpampianata mendrika ny mpitondra mba fisaorana azy ireo sady hamporisika ny hafa hampianatra tsara kokoa.
- -Ny tompon'andraikitra amin'ny faritra sy ny kaominina dia afaka mampiasa mpampianatra efa misotro ronono avy amin'ny "INSTITUTEURS SANS FRONTIERES" avy any ivelany na mpampianatra efa misotro ronono eto Madagasikara izay mbola mahavita mampianatra.

-Ny mpampianatra avy amin'ny “Institutеurs sans frontieres” kosa dia horaisina amin'ny fifanarahana tsy mandray karama, fa ho setrin'izany kosa dia homena trano fonenana azo antoka izy ireo.

- Afaka manatsara ny fomba fitantanana ny sekoly ny mpitondra amin'ny faritra, amin'ny fanomezana tolotra ara-tsakafo, fanatsarana ny fotodrafitr'asa, sy fanomezana vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra sahirana.

**5. Fitomboan'ny taham-pahavitrihana sy fihenan'ny fahasahiranana**

- Rehefa tsara ny fampianarana amin'ny faritra rehetra, dia ho betsaka ny mpianatra mazoto sy ahavita fianarana ka tsy ho sarotra azy ireo ny mitady asa.
- Mihena ihany koa ny fifindra-monina an-tanàn-dehibe, satria mahazo fampianarana tsara sahaza azy ny tanora amin'ny faritra niaviany.

# Fehiny.

Ny rafitra État Régional dia hanatsara ny fampianarana eto Madagasikara amin'ny faritra rehetra.

Raha ny vola miditra amin'ny haba sy ny hetra no fidiram-bolan'ny faritra sy kaominina, ary mahazo fahaleovantena amin'ny fitantanana ara-bola izy ireo, dia afaka manatsara ny sekoly rehetra sy manatsara ny fandaharam-pianarana ao aminy.

Hitombo ny kalitaon'ny fampianarana amin'ny faritra ka hitondra tombotsoa lehibe ho an'ny mpianatra sy ny ray amandreny.

Mba hisiana fitantanana mazava sy mangarahara anefa dia anjaran'ny fanjakana foibe ny manaramaso ny fampiasam-bola ( contrôle de legaité).

# XI- TOMBOTSOA AMIN'NY LAFINY FAHASALAMANA.

Rehefa hampiarina eto Madagasikara ny rafitra État Régional (na fanjakana mizaka tena amin'ny faritra), dia hahazo tombotsoa betsaka ny sehatry ny fahasalamana, satria mazava tsara ny fidiram-bolan'ny fanjakana foibe, avy amin'ny fadin-tseranana (droits de douane) ary ny faritra kosa dia avy amin'ny ny hetra (impôts locaux) miditra ao aminy.

Mbola eo koa ny vola miditra avy amin'ny akora stratejika.

**TOMBONTSOA HO AMIN'NY LAFINY FAHASALAMANA:**

### 1- Fahafahana amin'ny fitantanana sy fampiasam-bola.

Ny faritra dia manana fahefana amin'ny fitantanana ny volany, ka afaka mametraka laharam-pahamehana amin'ny fotodrafitr'asa ara-pahasalamana sy fitsaboana mifanaraka amin'ny filan'ny mponina ao aminy.

### 2- Fanatsarana ny fomba fitsaboana ny vahoaka

Raha voakarakara tsara ny hetra miditra amin'ny faritra, dia afaka manatsara ny toeram-pitsaboana sy ny fitaovana amin'ny CSB2 sy ny hôpitaly ny faritra.

Mahafaka maka mpitsabo ny kaominina, mba afahany mikarakara ara-pahasalamana ny vahoaka ao aminy.

### 3- Fahafahana mampiditra mpitsabo sady mampivotra ny fomba fitsaboana.

Mahafaka mampiditra mpitsabo ( dokotera, infirmiers sns….) ny tompon'adraikitra amin'ny faritra raha toa ka tsy ampy ny mpitsabo satria manana fidiram-bola avy amin'ny haba sy hetra izy ireo afahana mandoa ny karaman'izy ireo.

Mahafaka manatsara ny fomba fitsaboana ny vahoaka ao amin'ny faritra koa izy ireo.

Ohatra iray, satria i Madagasikara dia manana renirano maro azo andehanana lakana, dia afaka mandefa **lakana hopitaly, na (petit bateau hospital)** ny tompon'andraikitra isam-paritra mba hanatsarana ny fomba fitsaboana any ambanivohitra.

- **Sambo hopitaly madinika** ho an'ny mponina monina manamorona ny renirano.
- Ary **bus hopitaly** kosa ho an'ireo tanàna tsy misy renirano.

Ireo hopitaly mandehandeha ireo dia hanampy ny tompon'andraikitra amin'ny tobim-pahasalamana eny ambanivohitra amin'ny fitiliana aretina miaraka amin'ny fitaovana moderina sy mifanaraka amin'ny filàna ( misy radio, sns ).

Mifindrafindra toerana tsy tapaka ny hopitaly mandehandeha ary ampahafantarina mialoha ny fotoana fandalovany ary ny toerana.

Izany dia hahafahan'ny mpitsabo sy ny marary miomana mialoha sy mandrindra ny fandaharam-potoanan'ny fitsaboana araka izay ilaina.

**4- Fifaninana ara-pandrosoana eo amin'ny faritra**

Hisy faritra mahavita mampitombo tsara kokoa ny fidiram-bolany amin'ny alalan'ny fampandrosoana ara-toekarena, dia afaka manatsara ny tolotra ara-pahasalamana noho ny faritra hafa.

Hisy izany ny fifaninanana eo amin'ny mpitondra amin'ny faritra, ka izany fifaninanana izany no hitarika fampandrosoana haingana ho an'i Madagasikara

**5- Fifanarahana amin'ny sehatra tsy miankina**

Ny faritra dia afaka manana fifanarahana manokana amin'ny hopitaly tsy miankina na fikambanana iraisam-pirenena hanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana.( cooperation décentralisee )

**Olana mety hitranga amin'ny sehatry ny fahasalamana :**

1- Fahasamihafana amin'ny kalitaon'ny fitsaboana

Mety hisy elanelana eo amin'ny faritra manan-karena sy ny faritra mahantra (vitsy mpandoa hetra) amin'ny voalohany, ka mety hitarika amin'ny fahasamihafana amin'ny fitsaboana sy foto-drafitr'asa ara-pahasalamana.

Tsara ny mampatsiahy fa fanjakana tokana ny Etat regional, ka manana anjara lehibe ny fanjakana foibe manampy izay faritra marefo amin'ny fidiram-bola.

# Fehiny :

- Raha tsara ny fitantanana , dia afaka manatsara ny rafi-pahasalamana amin'ny faritra ny État Régional, satria ho akaiky kokoa amin'ny filan'ny mponina ny fitantanana.
- Mila fitsinjarana ara-drariny ny loharanom-bola (fadin-tseranana sy hetra) mba hahafahan'ny faritra rehetra misitraka fanatsarana mitovy amin'ny sehatry ny fahasalamana.

## XII- TOMBOTSOA AMIN'NY FANISANA NY ZAZA TERAKA.

Fantatsika tsara fa tena manana olana lehibe ny fanjakana Malagasy ankehitriny amin'ny fanisana ny zaza vao teraka sy fanomezana kopia ho an'ny olona izay tsy manana izany eto Madagasikara.

Ohatra amin'ny faritra Analamanga, dia ny 97% ny zaza teraka dia voasoratra amin'ny bokim-panjakana avokoa.

Nefa ny any amin'ny faritra Atsimo Andrefana dia ny 42% fotsiny no voasoratra.

Raha jerena ho any vahoaka Malagasy manerana ny nosy , dia ny 83% no voasoratra tamin'ny bokim-panjakana tamin'ny taona 2012 raha latsaka 74% izany tamin'ny taona 2021.

*https://www.unicef.org/madagascar/communiqu%C3%A9s-de-presse/si-le-taux-denregistrement-des-naissances-progresse-r%C3%A9guli%C3%A8rement-%C3%A0-l%C3%A9chelle*

Ny fampiharana ny rafitra État Régional eto Madagasikara dia vahaolana hanarenana izany olana goavana izany satria samy manana fidiram-bola avy amin'ny hetra ny faritra sy ny kaominina rehetra, ka tsy miandry vola sy baiko avy amin'ny fanjakana foibe intsony.

**1- Fanamorana ny fanoratana ny zaza teraka.**

Rehefa manana fahefana sy loharanom-bola manokana ny faritra sy kaominina, dia afaka mametraka rafitra mahomby kokoa amin'ny fanoratana zaza vao teraka sy fanisana ny mponina ao aminy.

Mahafaka mananganana birao misahana izany amin'ny kaominina rehetra na fampiasana fitaovana nomerika hanamorana ny fanoratana anarana ireo zaza vao teraka.

Mila fantatra ny isan'ny vahoaka sy ny ankizy ao anatin'ny  kaominina afahana maminavina ny vola tokony hiditra sy ny fotodrafitr'asa tokony hatao.

**2- Fanamorana ny raharaham-panjakana.**

Misy olana goavana ny fanatanterahana ny fanoratana zaza vao teraka amin'ny kaominina manerana any Madagasikara amin'izao rafitra fanjakana tokana izao . Indrindra ny eny ambanivohitra.

Amin'ny alalan'ny rafitra État Régional, ho voavaha izany olana izany satria afaka mandray fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny zava-misy ao amin'ny faritra tsirairay ny tompon'andraikitra eo an-toerana, tsy miandry baiko na vola avy any amin'ny fanjakana foibe intsony.

**3- Fampitomboana ny taha-pisoratana anarana**

Amin'ny vola azo avy amin'ny hetra miditra amin'ny kaominina sy faritra dia afaka mampiasa an'izany amin'ny fanentanana ireo ray amandreny amin'ny tokony hanoratana ny anaran'ireo zaza vao teraka ny mpitondra, fanomezana tombontsoa ho an'ny ray aman-dreny izay manao izany, ary fanamorana ny fombafomba ara-panjakana izay ilaina koa.

**4- Fanajana ny fomba sy ny zava-misy eo an-toerana**

Ny faritra dia manana fahafahana manova sy manitsy ny fomba fanatanterahana ny fanentanana araka ny fiainan'ny mponina eo aminy, ohatra amin'ny toerana lavitra na amin'ny faritra ahitana fomba( misy tsy miasa amin'ny talata , misy tsy miasa amin'ny alakamisy ) dia iny andro tsy fiasana iny no anaovana fanentanana .

**5- Fampitomboana ny loharanom-bola ho an'ny faritra**

Raha mahavita mampitombo ny tahan'ny fisoratana anarana ny faritra, dia hahazo fidiram-bola mivantana avy amin'ny taratasy fanamarinana sy fanomezana anarana izay mety hampitombo ny hetra miditra amin'ny mponina eo an-toerana.

**6- Fanatsarana ny taratasy ara-panjakana**

Amin'ny alalan'ny fanaraha-maso akaiky ataon'ny mpitondra amin'ny faritra dia ho azo antoka kokoa fa marina ny isan'ny mponina sy ny antota-taratasy mikasika ny malagasy tsirairay, izay ilaina amin'ny drafitra fampandrosoana sy fandaminana ara-tsosialy.

## FEHINY.

Ny rafitra État Régional dia hanatsara ny taratasy ara-panjakana , hanatsara ny tahiry sy ny fanisana ara- statistika manerana any Madagasikara, ary hanome tombontsoa ho an'ny faritra amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fidiram-bola sy ny fikarakarana ny vahoaka satria eo akaikiny ny mpitondra tompon'ny fahefana.

## XIII- TOMBOTSOA HO AN'NY RENY SY NY ZAZA.

Hitondra fahasoavana lehibe ho an'ny reny sy ny zaza ity rafitra Etat Regional ity rehefa tafapetraka eto Madagasikara.

- Ny fidiram-bolan'ny fanjakana foibe : fadin-tseranana .
- Fidiram-bolan'ny faritra sy kaominina : avy amin'ny haba sy hetra.

Ireto avy ireo tombotsoa ho azon'ny reny sy zaza:

**1- Fanatsarana ireo foto-drafitr'asa fitsaboana amin'ny faritra.**

- Raha ny 40% ny hetra miditra amin'ny kaominina ary mijanona amin'ny kaominina , ary ny 40% omena ny faritra, dia afaka manatsara sy manamboatra tobim-pahasalamana CSB1 et CSB2 manerana ny kaominina sy fokontany ny mpitondra amin'ny faritra.
- Voaharamaso tsara ny reny sy ny zaza satria akaiky azy ireo ny tobim-pahasalamana, na ho any reny izany alohan'ny fiterahana, na aorian'ny fiterahana, na ho an'ny ankizy eo amin'ny fokontany.
- Afaka manatanteraka tsara ny fanaovana vaksiny sy ny fanentanana ara-pahasalamana eny anivon'ny fokontany sy kaominina ny mpitondra amin'ny faritra amin'ny alalan'ny fidiram-bola eo aminy fa tsy miandry vola avy any amin'ny fanjakana foibe intsony.

**2- Fampiroboroboana ny fampianarana sy ny fiofanana.**

- Afaka manamboatra foto-drafitr'asa maro ilaina amin'ny fampianarana ny ankizy ny mpitondra amin'ny faritra.
  Afaka manofanana ny renimpianakaviana sy ny tanora mila izany koa izy ireo amin'ny fidiram-bola misy eo amin'izy ireo
- Azony mpitondra amin'ny faritra tsara ny mampianatra ireo zaza eny ambanivoitra maimaimpoana tsy mandoa vola.

**3- Ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo.**

- Ho an'ny renimpianakaviana dia afaka manao fandaharam-piofanana ara-tsakafo ho an'ny ankizy mifanaraka amin'ny vokatra misy eo antoerana ny mpitondra eny amin'ny faritra sy kaominina .
- Afaka manokatra toeram-pisakafoana ho an'ny ankizy madinika ko izy ireo mba hanatsarana ny sakafon'izy ireo ( cantine scolaire).

**4- Fanatsarana ny asa-sosialy ho an'ny renim-pianakaviana.**

- Mahafaka manokatra teram-piofanana sy toerana afaka andraisana ireo vehivavy tsy manambady sy vehivavy sahirana ny faritra sy kaominina.

- Mahafaka manome fanampiana ho an'ireo fianakaviana ao anaty fokontany
  sahirana ny faritra sy kaominina ,indrindara indrindra ho an'ireo vehivavy bevohoka sy ny ankizy tsy misy mpikarakara. ( enfants de la rue).

**5- Fanamboarana fotodrafitr'asa afahan'ny zaza miala voly ao amin'ny fokontany.( Parc de jeu )**

- -Mila toerana afahana milalao ny zaza ao amin'ny fokontany ionenany.
  -Mila toerana malalaka ny Ray Amandreny hitondrany ny zanany milalao.
  -Mila toerana fanatanjahatena ny tanora afahan'izy ireo manao fanatanjahatena eo amin'ny fokontany ipetrahany.

- Afaka manatanteraka izany tsara ny mpitondra amin'ny faritra sy kaominina amin'ny anjara volany azony amin'ny hetra amin'ity lalam-panorenana Etat Regional ity...

**6- Fanatsarana ny làlana sy ny fomba fitaterana.**

- Afaka manatsara ny lalana eo aminy ny faritra sy kaominina amin'ny vola eo ampelatanany ka manamora ny fandehanan'ireo reny mamonjy toeram-pitsaboana izany sady manamora ny fandehan'ny ankizy mianatra koa.

**7- Programa fanofanana ny renim-pianakaviana mba ahaleotena**

**(Programmes d'autonomisation des femmes)**.

- Mahafaka manolotra fanofanana ho an'ireo renim-pianakaviana ny faritra mba afahan'izy ireo mamelon-tena manokana tsy miankina amin'olonkafa.
  - Ohatra fanofanana amin'ny fampiasana vola indramina ( microcredits) na asa madinika tsotra afahana azahoana tombony.

- Azon'ny mpitondra fanjakana any amin'ny faritra sy kaominina ny mifantoka tsara amin'izay fomba rehetra ilaina mba hisiana fivoarana marina amin'ny fampianarana ny zaza sy fampivoarana ny fihainan'ireo vehivavy sahirana ao aminy. Anisany izany ireo izay tsy nahavita fianarana na ireo tsy nianatra mihitsy.

**8- Fampihenana ny fahafatesan'ny reny sy zaza .**

- Tsy maintsy manokana vola hividianana fitaovana vaovao amin'ny CSB sy hampiofanana ireo mpiasa amin'ny fahaslamana ny mpitondra amin'ny faritra mba ampihenana ny tahan'ny fahafatesan'ny vehivavy eo ampiterahana sy zaza ao anatin'ny faritra sy kaominina.
- Ny fanamorana ny fitsaboana sy ny fanarahamaso ny fahasalaman'ireo vehivavy alohan'ny fiterahana sy aorian'ny fiterahana dia afahana manavotra aina maro.

**9- Fampianarana fiaraha-monina eo amin'ny mpivady sy fitondran-tena. ( éducation familiale)**

Ny kaominina tsirairay dia afaka manatanteraka fandaharana afahan'ny mpivady mandrindra ny fiterahana, ary koa afahan'ny tovovavy mitandrina mba tsy hiterateterapoana amin'ny fiainana.

**10- Mampihena ny tsy fitovian'ny fampandrosoana amin'ny faritra.**

- Ny fizarana ara-drariny ny harena amin'ny faritra dia afahana mampilamina ny fivoarana amin'ny kaominina ambanivohitra sy kaominina ambonivohitra , izay midika fa samy ahazo fiofanana sy tombotsoa mitovy ny reny sy ny zaza na any ambanivohitra, na ambonivohitra.

Raha fintinina, ny fampiharana ny lalam-panorenana Etat Regional eto Madagasikara dia afahana mamaha olana any amin'ny faritra tsirairay satria samy mahafaka mikarakara ny reny sy ny zaza ao aminy ny mpitondra, afaka manao fandaharana fanofanana sy maro afa koa mba ahazoan'ny reny sy ny zaza rehetra tombotsoa manerana ny faritra eto Madagasikara, na ny any ambanivohitra na ny any ambonivohitra.

## XIV- TOMBOTSOA AMIN'NY FIATREHANA NY LOZA VOAJANAHARY .

Amin’izao fotoana izao, dia ny BNRGC na Bureau National de Gesion des Risques et des Catastrophes), eo ambany fitantanan’ny fahefana foibe no tompon’andraikitra amin’ny fanomanana ny fiatrehana ny loza voajanahary.

Ny BNGRC koa no tompon’andraikitra amin’ny fizarana fanampiana ho an’ireo olona sahirana aorian’ny fandalovan’ny loza voajanahary.

Rehefa tafapetraka kosa anefa ny rafitra Etat Régional, dia miova ny fomba fiatrehana ny loza voajanahary.

Samy manana ny fidiram-bolany ny fanjakana foibe sy ny faritra:

Ny vola miditra amin’ny fadin-tseranana no fidiram-bolan’ny fanjakana foibe.

Ny vola azo avy amin’ny hetra kosa ny fidirambolan’ny kaominina sy faritra.

-Ny 40% amin’ny vola azo avy amin’ny hetra mijanona ho an’ny kaominina.

- Ny 40% azo avy amin’ny kaominina rehetra kosa omena ny faritra.

Ankoatr’izany ny vola azo avy amin’ny akora stratejika.

Ka noho izany dia samy afaka mametraka tahiry afaka hiatrehana loza voajanahary ny kaominina sy ny faritra eto Madagasikara.

( Ohatra, samy afaka mametraka 5% amin’ny vola miditra ao aminy isam-bolana ).

Noho izany, raha misy loza voajanahary, ny kaominina sy ny faritra rehetra eto Madagasikara dia afaka manome fanampiany amin'ny anaran'ny "FIHAVANANA MALAGASY".

Izany fahafan’ireo kaominina rehetra sy faritra rehetra eto Madagasikara manome fanampiana ireo kaominina tra-boina dia manamafy ny fifankatiavana sy firaisankina amin’ny samy malagasy.

Ireo fanampiana avy amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ireo dia mahatohina ny fon’ireo tra-boina kokoa raha oharina amin'ireo entin'ny BNGRC eo ambany fiahian'ny fahefana foibe

Raha maromaro ny kaominina hiaran-doza ao amin’ny faritra iray, na faritra maromaro, dia afaka mifanaraka ny faritra rehetra amin’ny fandaminana ny fandraisana anjara amin’ny fizarana ny fanampiana avy amin’izy ireo.

## Fehiny:

-Rehefa tafapetraka eto Madagasikara ny rafitra Etat regional, dia afaka miatrika tsara kokoa ny fiantraikan'ny loza voajanahary ny kaominina sy ny faritra rehetra eto Madagasikara, na eo amin'ny fanomanana mialoha ny

fiatrehana ny loza na eo amin'ny fikarakarana ny fanampiana ireo tra-boina aorian'ny voina.

## XV- TOMBOTSOA HO ANY TANORA SY NY MPIANATRA ENY AMIN'NY ONIVERSITE.

Ny fampiharana ny rafitra Etat Regional eto Madagasikara dia hitondra tombotsoa betsaka ho an'ny tanora sy ireo mpianatra eny amin'ny oniversite

amin'ny lafiny fampianarana, sy fivoarana ara-toekarena satria tsy mangataka amin'ny filoham-pirenena intsony ny olom-boafidy amin'ny faritra amin'izay foto-drafitr'asa ilainy faritra fa afaka mampiasa ny vola miditra aminy izay azony avy izy ireo :

- Ny 40% ny hetra miditra amin'ny kaominina mijanona amin'ny kaominina.
- Ny 40% kosa omena ny faritra.

Eo ihany koa ny vola azo avy amin'ny akora stratejika.

## 1- SAMY MAHAZO FIANARANA SY FIOFANANA MITOVY NY REHETRA.

- Samy mahazo fotodrafitr'asa fampianarana sahaza azy ny rehetra: Oniversité, sekoly fanabeazana fototra, fotodrafitr'asa, fanomezana fiofanana ) araka izay ilain'ny tanora sy ny mpianatra eo antoerana.
- Ny fampianarana sy ny fiofanana eny amin'ny faritra dia mifanaraka amin'ny zavatra ilaina eo antoerana, na ara toe-karena, na ara-kolotoraly mba hanamorana ny fandraisan'ireo tanora anjara amin'ny asa izay ilainy amin'ny faritra misy azy.
- Mihena ny fifindra-toerana mankany amin'ny renivohi-paritany na any Antananarivo satria samy misy toerana fiofanana sy fampianarana ara-dalana any amin'ny faritra tsirairay.

## 2- FIFORONANA ORINASA ANY AMIN'NY FARITRA.

➢ **Fanohanana ny orinasa eo antoerana.**

Samy mahafaka mametraka programa mampirisika ny tanora hamorona orinasa mifanaraka amin'ny zava misy eo antoerana ny mpitondra amin'ny faritra.

➢ **Fanomezana fiofanana ny tanora amin'ny zavatra ilaina eo antoearana.**

Azo atao tsara ny manofana ny tanora amin'ny faritra iray, fiofanana amin'ny asa izay ilaina ampiroborooana ny toe-karena eo antoerana.

Ohatra:

- fiofanana ilaina amin'ny indostria eo antoerana,
- fiofanana ilaina amin'ny fambolena eo antoerana .
- fiofanana ilaina amin'ny jono raha jono no asa ataon'ny tanora maro eo antoerana.
- fiofanana ilaina amin'ny fizahan-tany.

- **Fanomezana asa ny tanora.**
- Ny fahaizan'ireo olom-boafidy amin'ny faritra sy kaominina mitantana tsara ny vola miditra amin'izy ireo dia hiteraka asa maro ka hampihena ny tanora tsy miasa.
- Ny fihenan'ny tanora tsy miasa eny amin'ny faritra sy kaominina dia hitondra fandriam-pahalemana eny amin'ny kaominina.

**3- FAMPANDRAISANA ANJARA NY REHETRA AMINNY FAMPANDROSOANA.**

- **Fampandraisana anjara amin'ny fitantanana.**
- Mahafaka mandray anjara amin'ny fanapahan-kevitra amin'ny fampandrosoana ny kaominina na amin'ny faritra misy azy ny tanora.
- Noho izany tombotsoa lehibe izany dia afaka miomana tsara izy ireo mamolavola sy maminavina ny tokony hataony amin'ny fanomanana ny hoaviny.

**Fanatanterahana ny zavatra ilaina eny ifotony.**

- Ny fampiharana ny lalam-panorenana Etat régional eto Madagasikara dia mamela ny tanora malagasy eny ifotony handray anjara amin'ny fampandrosoana ny kaominina na ny faritra misy azy ireo.

**4- FANATSARANA NY FOTODRAFITRASA ENY IFOTONY.**

- **Fampivoarana ny fitaterana .**

- Mahafaka manatsara ny làlana na ny fomba fitaterana eny ifotony ny kaominina sy faritra amin'ny vola miditra ao aminy amin'ity lalam-panorenana Etat régional ity.
  Mahafaka manamora ny fandehanan'ny mpianatra mandeha any antsekoly ( fitaterana amin'ny Bus, lalamby, SNS…).

.**Fanamorana ny fampiasana ny INTERNET.**

- Anjaran'ny kaominina sy ny faritra ny manamora ny fampiasan'ny tanora ao aminy sy ny mpianatra eny amin'ny oniversite Internet, izay fitaovana fifandraisana tena ilain'ny rehetra amin'ny fivoarana ankehitriny.

  Izany rehetra izany no ilana fidiram-bola manokana ho an'ny kaominina sy faritra fa tsy ohatra ny zava-misy ankehitriny, miandry vola sy mangataka amin'ny filoham-pirenena daholo ny zavatra rehetra.

## 5- FIAROVANA SY FANOMEZANA LANJA NY FOMBA AMAM-PANAO ENY IFOTONY .

- **Fanomezan-danja ny fomban-drazana.**
- Ny fanajana sy fanomezan-danja ny fomban-drazana dia zava-dehibe ho antsika Malagasy.
 Izany fanajana ny fomban-drazana izany dia tokony manomboka any amin'ny fokontany, any amin'ny kaominina ary any amin'ny faritra.

  Koa noho izany dia tena manome lanja ny mpitondra any ifotony ity lalam-panorenana Etat regional ity sady manome fahefana ny olom-boafidy rehetra amin'ny kaominina sy faritra .Fahefana afahan'izy ireo mampianatra ny fomba amam-panao sy fomban-drazana manomboka any amin'ny sekoly any ifotony.

Tsara ny mampahatsiahy, fa ny fanajanao ny fomban-drazananao no mahatonga ny olona manaja anao.

- **Ny fanajana ny teny Malagasy.**
  Azo atao tsara ny mampianatra ny mpianatra ny tenin-drazany any ifotony sy ny teny Malagasy nasionaly.

## 6- FANENTANANA NY TANORA HIARO NY TONTOLO IAINANA.

- **Fampiofanana amin'ny fampandrosoana maharitra.**
- Manana adidy ny mpitondra amin'ny kaominina sy faritra mamolavola ny tanora mba hiarovan'izy ireo ny tontolo iainana eo aminy.
- Tsy mila mangataka vola intsony izy ireo hanatanterahana izany, fa ny vola miditra amin'ny hetra no anaovana fampianarana momba izany, na any ampianarana amin'ny fanaeazana fototra.
- **Fanohanana ny fambolena misy any ifotony sy ny vokatra misy eo antoerana.**
- Afaka manofana ireo tanora eo aminy ny mpitondra amin'ny kaominina sy faritra hanatsara ny fomba fambolena efa misy eo antoerana sy fampiasana ny vokatra voajanahary izay ilain'ny rehetra misy eo antoerana.
- Tsy mijanona amin'ny fomba fampiasana ireo vokatra voajanahary fotsiny ny fiofanana, fa ny fomba fiarovana sy fampiroborobona azy ireo koa.

## Famintinana.

Raha fintinina, dia tena manome tombotsoa ho an'ireo tanora sy ny mpianatra eny aminny oniversité ity lalam-panorenana Etat Régional ity satria mazava tsara ny fizarana harena amin'ny fanjakana foibe sy ny mpitondra eny aminny faritra.

Manana fahefana tsara ny mpitondra amin'ny faritra manatanteraka fampandrosoana, na eo amin'ny fampianarana, na eo amin'ny ara-toekarena, na eo amin'ny fampiofanana ny tanora mifanaraka amin'ny zavatra tena ilaina eo aminy.

Samy afaka manao ezaka izy ireo hanomezana tombotsoa ny tanora ao aminy .

Hisy ny fifaninana sy fifanakalozana traikefa.

Izay fifaninana izay no hampandroso aingana an'i Madagasikara.

## XVI- TOMBOTSOA HO AN'IREO MPANAO FANATANJAHAN-TENA.

Rehefa tafapetraka eto Madagasikara ny lalam-panorenana Etat Regional, ary mazava tsara ny vola miditra amin'ny fanjakana foibe sy ny vola miditra amin'ny faritra, dia hahazo tombontsoa maro ireo tanora tia fanatanjahan-tena

arakaraka ny sokajin'ny fanatanjahantena misy eo aminy satria mahafaka manampy ny mpitondra amin'ny kaominina sy ny mpitondra amin'ny faritra.

1- **Fanatanjahan-tenan'olotokana.( azakazaka, tennis, boxe, natation etc…)**

Ireo kaominina betsaka orinasa sy mandroso ara-toekarena no betsaka fidirana haba sy hetra.

Afaka manatsara ireny foto-drafitr'asa ilain'ny tanora amin'ny fanatanjahan-tena ny mpitondra ao aminy.

Ireo kaominina tsy dia betsaka fidiram-bola kosa, dia afaka mitady fanampiana ao antoerana na any ivelany na ampian'ny faritra misy azy na ny fanjakana foibe mba tsy hisian'ny elanelana be loatra amin'ny fampandrosoana ao anatin'ny faritra.

- **Fampiofanana sy fanorenana fotodrafitr'asa any ifotony.**

Rehefa tafapetraka ny lalam-panorenana Etat regional, dia afaka manorina foto-drafitr'asa fanaovana fanatanjahatena mifanaraka amin'ny filan'ny tanora eo aminy ny kaominina sy ny faritra amin'ny vola miditra ao aminy .

Midika izany fa maro ny tanora any amin'ny faritra ho afaka mamoaka ny talentany.

- **Fanentanana ny tanora manana talenta any ifotony.**

Rehefa tafapetraka ny lalam-panorenana Etat regional,, dia afaka manohana ny mpanao fanatanjahan-tena eo aminy ny kaominina na ireo orinasa manana fitiavana hamolavola tanora amin'ny fanatanjaha-tena.

Afaka mamorona fifaninanana eo an-toerana ny tompon'andraikitra, ka hanamora ny fitiliana sy fampivoarana ireo tanora hita fa manana talenta eo an-toerana.

2- **Fanatanjahan-tena iombonana (baolina kitra, baskety, rugby, sns.)**

- **Fampiasam-bola mifanaraka amin'ny filàn'ny faritra** :

Afaka manohana taranja mifanaraka amin'ny zava-misy eo antoerana, ary ankafizin'ny tanora eo antoerana ny faritra sy kaominina.

Afaka manohana ireo tanora koa ireo orinasa eo an-toerana.

- **Fanohanana ara-bola ny taranja fanatanjaha-tena (sponsoring) :**

Afaka mahazo famatsiam-bola mivantana avy amin'ny orinasa eo amin'ny faritra ireo club fa  tsy mila mandalo amin'ny rafitra ara-panjakana nasionaly intsony.

- **Fitantanana tsaratsara kokoa ny foto-drafitr'asa :**

Ho voakarakara tsara kokoa ny kianja sy ny fitaovana ara-panatanjaha-tena eo amin'ny kaominina sy faritra noho ny fidiram-bola azon'izy ireo amin'ny hetra sy haba, ka mampazoto ny tanora rehetra izay tia fanatanjaha-tena, na ny mpampiofana, na ireo olona tsotra izay tia fanatanjahan-tena.

## 3. Fanatanjahan-tena ankalamanjana sy Fanatanjahan-tena avo lenta (fizahan-tany, fiakarana tendrombohitra, sns.)

- **Fampiroboroboana ny fizahan-tany ara-panatanjahan-tena :**

Miaraka amin'ny fananganana Etat Regional, dia afaka mampiasa ny harena voajanahary ananany ny faritra tsirairay mba hisarihana hetsika iraisam-pirenena sy hanofanana tanora ilaina amin'ireo hetsika ireo.

- **Famoronana asa ara-panatanjahan-tena eo an-toerana :**

Ny fametrahana ny rafitra Etat Regional eto Madagasikara dia hiteraka famoronana asa maro amin'ny sehatry ny fanatanjahantena isam-paritra, toy ny mpitari-dalana (guides), tanora mpanazatra ( formateurs) , ary mpikarakara hetsika ara-panatanjahantena (organisateurs d'évenements sportifs).

Ny mpitondra amin'ny faritra sy kaominina dia tsy maintsy manohana ireo asa vaovao ireo satria mampitombo ny toe-karena eo aminy sady koa tombotsoan'ny tanora.

## 4. Tombontsoa ankapobeny.

- **Fahafahana amin'ny fanapahan-kevitra :**

Afaka mampifanaraka ny politikan'ny fanatanjahan-tena amin'ny toe-karena sy ny fiarahamonina misy eo amin'ny ny faritra na ny kaominina ny mpitondra fa tsy miankina na miandry ny fanapahan-kevitra avy amin'ny fanjakana foibe intsony.

- Fifaninana ara-panatanjahan-tena eo amin'ny samy faritra :

Afaka manatanteraa fifaninanana lehibe eo amin'ny samy faritra ny tompon'andraikitra mba ahafahan'ny tanora mifanakalo traik'efa fa tsy voatery tsy maintsy mandeha any an-drenivohitra foana.

- **Fampivoarana karazana fanatanjahan-tena maro:**

Afaka mampivelatra ireo taranja fanatanjahan-tena mifanaraka amin'ny toe-tany eo aminy sy ireo foto-drafitr'asa tsara ananany mampiavaka azy ny faritra tsirairay eto Madagasikara.

## F E H I N Y.

Ny fampiarana ny lalam-panorenana Etat regional eto Madagasikara dia hanamora ny fampandrosoana ny fanatanjahan-tena amin'ny faritra sy kaominina manerana ny nosy.

Ny fahazoan'ny mpitondra mampiasa ny vola azo amin'ny haba sy hetra afahan'izy ireo manamboatra fotodrafitr'asa ilain'ny tanora eo aminy dia zava dehibe vaovao ho an'ny tanora malagasy amin'ity lalam-panorenana Etat regional ity.

Na izany aza, ny elanelana misy eo amin'ny faritra manankarena sy mahantra dia mitaky fiaraha-miasa sy firaisankina nasionaly mba hisorohana ny fivoaran'ny fanatanjahan-tena amin'ny fomba tsy mitovy manerana ny Nosy.

## XVII- TOMBOTSOA AMIN'NY OLANA MIKASIKA NY FANANAN-TANY.

Ny fampiharana ny lalam-panorenana Etat Regional dia hitondra tombontsoa maro amin'ny olana amin'ny fananan-tany ho an'ny vahoaka eny ifotony eto Madagasikara.

Ireto misy tombontsoa maromaro ho azo amin'izany:

**1. Fanapahan-kevitra akaiky ny vahoaka.**

Amin'ny rafitra fanjakana rezionaly, ny fanapahan-kevitra momba ny fananan-tany dia ny tompon'andraikitra amin'ny faritra no manapaka satria izy ireo no ambaratongam-panjakana akaiky ny vahoaka any ifotony.

Izany dia ahafahana:

- Mandray fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny zava-misy marina eo amin'ny faritra.

-Mampalaky ny fikarakarana ny taratasy izay ilaina amin'ny fananan-tany.

- Mandray fanapahan-kevitra mifandray amin'ny fomba amam-panao eo antoerana sy ny kolontsaina manokana ny mponina eo antoerana.

Izao no voalaza amin'ny lalam-panorenana Rafitra Rezionaly ao amin'ny andininy faha 195 momba ny fitantanana ny tany :

***Andininy 195 :***

*Ny fitantanana ny tany dia tanterahina araka ny foto-kevitry ny fitsinjaram-pahefana .*

*Izany hoe omena lanja ny ambaratongam-pitantanana akaiky indrindra ny vahoaka.*

*Toy izao ny fandaminana ny fitantanana azy :*

*Fokontany → Kaominina → Faritra → Fanjakana.*

**2. Fanamorana sy fanafainganana ny fitsarana ara-panjakana.**

Amin'izao fotoana izao, dia ny fanjakana foibe no mikarakara ny fananan-tany.

Izany no mahatonga sakana ara-panjakana sy fahataran'ny raharaha amin'ny olana rehetra misy eto Madagasikara.

. Raha mipetraka ny fanjakana rezionaly dia:

- Ny fangatahana tanim-panjakana na fikarakarana taratasy fananan-tany dia andraikitr'ireo mpiasampan-jakana eo an-toerana, any amin'ny faritra mba hisorohana ny sakana sy fahatarana avy any amin'ny fanjakana foibe.

- Mampihena ny kolikoly amin'ny fikarakarana ny taratasy fanana tany satria afaka manara-maso ny antontan-taratasy rehetra izay ilaina ny olom-pirenena rehetra satria eo antoerana ny fikarakarana izany.

### 3. Fizarana ara-drariny ny tany.

Ny rafitra Etat régional dia manamora ny fitantanana ny tanim-panjakana ho amin'ny tombotsoan'ny vahoaka ao aminy.

- Fametrahana fepetra mazava amin'ny fizarana ny tanim-panjakana mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana (oh: fanomezana laharam-pahamehana ho an'ny tantsaha sy tanora mpandraharaha).

- Fanohanana ireo tetik'asa ara-pambolena sy ara-toekarena eo an-toerana amin'ny fanamorana ny fahazoana tany ho an'ny mpandraharaha isam-paritra.

- Fampihenana ny olana amin'ny tany amin'ny alalan'ny rafitra mazava amin'ny fizarana tany ho an'ny rehetra.

### 1. Fampiasana ny tany ho tombotsoan'ny rehetra.

Amin'ny fanjakana rezionaly, ny mpitondra dia afaka mampiasa ny tany mifanaraka amin'ny zava misy eo antoerana, mifanaraka amin'ny toe-karena eo antoerana.

Nefa ankehitriny dia tsy maintsy ny mpitondra any Antananarivo no mibaiko ny zavatra atao rehetra any amin'ny faritra.

Izany dia afahana :

- Mamolavola tetik'asa ara-pambolena mifanaraka amin'ny toetr'andro sy loharanon-karena voajanahary misy eo amin'ny faritra.

- Mandrisika fampiasam-bola eo an-toerana amin'ny fanomezana tany ho an'ny mpandraharaha ao amin'ny faritra, fa tsy voatery omena ny orinasa vahiny lehibe avy any ivelany.

- Mandrisika ny fambolen-kazo sy fitantanana maharitra ny nofotany hiadiana amin'ny fahanteran'ny tany sy ny fandravana ireo ala sisa tavela.

**5. Fampiroboroboana ny toekarena eo antoerana sy fizakantena isam-paritra.**

Amin'ny fametrahana ny fitantanana ny fananan-tany amin'ny faritra tsirairay, dia:

- Afaka mahazo fidiram-bola mivantana amin'ny alalan'ny hetra amin'ny tany mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana ireo faritra.

- Afaka mampiroborobo tetik'asa fampandrosoana (toeram-pambolena, indostria, fizahantany).

- Afaka mampihena ny fifindra-monina amin'ny alalan'ny famoronana fahafahana ara-toekarena ho an'ny mponina eo an-toerana.

**6. Fampihenana ny disadisa amin'ny tany.**

Ny fitantananan'ny faritra ny raharaha fananan-tany dia afaka:

- Manamora sy mampalaky ny famoahana taratasy fanamarinana ara-dalàna ny fanan'olona iray ny tany.

- Manampy amin'ny famahana ny disadisa eo amin'ny fiarahamonina eo an-toerana satria mahafantatra tsara ny raharaha ifotony ny manampahefana isam-paritra.

- Mampahomby ny fiaraha miasa sy fifampiraharahana eo amin'ny fanjakana, ny mpampiasa vola, ary ny mponina eo an-toerana.

## Fehiny

Ny rafitra fanjakana rezionaly dia ahafahana mitantana amin'ny fomba mahomby kokoa, mangarahara ary mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony ny tanim-panjakana eto Madagasikara.

Mampiroborobo ny fahafahan'ny vahoaka mahazo tany, mampihena ny sakana ara-panjakana, ary manampy ny fampandrosoana ara-toekarena eny ifotony.

## XVIII- TOMBOTSOA HO AN'NY MPIASAM-PANJAKANA .

Amin'ny rafitra rezionaly eto Madagasikara, izay ahazoan'ny fanjakana foibe vola avy amin'ny fadin-tseranana, ary ny faritra kosa mampiasa ny hetra sy ny haba eo aminy ho fidiram-bola, dia hahazo tombontsoa maro ny mpiasam-panjakana eto Madagasiara.

Ireo tombontsoa ireo dia mikasika ny fanaraha maso ny fivoaran'ny mpiasam-panjakana ( gestion des carieres), fivoaran'ny ny karama, ny fepetra iasana ary ny fivoarana eo amin'ny asa.

**1. Fanatsarana ny karama sy ny tambin-karama.**

- Noho ny fizakantena ara-bolan'ny faritra, dia afaka mampifanaraka ny karaman'ny mpiasam-panjakana amin'ny fahafahany ara-bola ny faritra tsirairay.

Izany no atao dia afahan'izy ireo misarika sy mitazona ireo mpiasam-panjakana tena manampahaizana sy manana talenta.

- Ny faritra mandroso ara-toekarena dia afaka manolotra tombontsoa fanampiny (trano, fitaterana, tambinkarama).

- Fihenan'ny fahataran'ny fandoavana karama noho ny fitantanana ara-bola akaiky sy mahomby kokoa.

**2. Fisian'ny asa maro kokoa ho an'ny mpiasam-panjakana.**

- Satria manana fahafahana mitantana ny teti-bolany ny faritra tsirairay, dia afaka mampitombo ny isan'ny mpiasam-panjakana izy mba hanomezana tolotra tsara kokoa amin'ny vahoaka, fa tsy miandry fanapahan-kevitra avy amin'ny fanjakana foibe intsony.

- Fahafahana mamorona andrim-panjakana vaovao isam-paritra, mampitombo ny toerana hiasana amin'ny sehatry ny fanjakana.

**3. Manatsara ny fiainan'ireo mpiasam-panjakana.**

Ny mpitondra any amin'ny faritra ihany no mahafantatra ny mpiasam-panjakana mendrika sy ny tokony anaovana famindran-toerana.

-Malaky ny fanatanterahana ny fanapahankevitra fa tsy miandry baiko avy any amin'ny fanjakana foibe intsony.

- Hampihena ny fanavakavahana amin'ny samy mpiasam-panjakana sy ny kolikoly, satria eo amin'ny faritra ihany ny fanapahan-kevitra.

- Mahafaka miasa amin'ny faritra niaviany ny mpiasam-panjakana tsirairay ary mahafaka miasa eo mandrapahatongany enimpolo taona ( misotro ronono).

Mihena ny famindra-toerana ka afaka manomana ny fisotroan-dronono mialoha ny mpiasam-panjakana.

Milamina ny fiainany miaraka amin'ny vady amanjanany sy ny fianakaviany.

**4. Fanatsarana ny fotodrafitr'asa sy ny fepetra iasan'ny mpiasam-panjakana.**

- Mahafaka manatsara ny birao sy fitaovana iasan'ny mpiasam-panjakana ny faritra, ahafahan'ny mpiasam-panjakana miasa amin'ny tontolo mety sy mirindra.

- Manakaiky ny vahoaka mila azy ireo ny mpiasam-panjakana ka afaka manome tolotra haingana sy mahomby kokoa.

**5. Mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony ny fanapahan-kevitra.**

- Ny mpiasam-panjakana amin'ny faritra dia afaka manolotra fanavaozana mifanaraka amin'ny filan'ny vahoaka eo an-toerana, tsy miankina amin'ny didy mivoaka avy any amin'ny renivohitra intsony.

- Izany dia mampilamina ny fiaraha-monina eny ifotony raha misy olana miseho eo amin'izy ireo.

**6. Fampihenana ny fitavandrana ny fanjakana foibe, fa manome fahefana ara-pitantanana ny amin'ny faritra.**

- **Fijerena ny filàna amin'ny mpiasam-panjakana**:

Tsy hifantoka fotsiny any amin'ny renivohitra ny mpiasam-panjakana fa hozaraina amin'ny faritra araka ny filàna.

- Manamora ny raharaham-panjakana, satria ny fanapahan-kevitra dia raisina amin'ny ambaratonga isam-paritra.

**7. Fahamarinan-toerana eo amin'ny asa sy fanamafisana ny asa fanompoam-bahoaka.**

- Na dia any amin'ny faritra aza no manapakevitra ireo mpiasam-panjakana, dia mijanona ho asa fiarovana sy fanompoana vahoaka ny asam-panjakana, ka tsy maintsy eo foana ny fanajana ny andraikitra amin'ny asam-panjakana isam-paritra.

- Ny fitantanana tsara sy mahomy ataon'ny mpitondra amin'ny faritra ho an'ny vahoakany dia hampitombo ny fahatokisan'ny olona azy ireo sy hanome lanja bebe kokoa ny asan'ny mpiasam-panjakana.

## Fehiny.

-Raha tafapetraka eto amintsika ny fanjakana rezionaly, dia hahazo tombontsoa betsaka ny mpiasam-panjakana eto Madagasikara.

-Tafiditra amin'izany ny fanatsarana ny karama sy ny fanatsarana ny fitaovana sy ny foto-drafitr'asa satria samy afaka mandray anjara ny fanjakana foibe sy ny mpitondra amin'ny faritra .

Hisy ny fahombiazana satria tsara ny tontolo iasana ary tsy miandry baiko avy any amin'ny fanjakana foibe intsony.

# XIX- TOMBOTSOA HO AN'NY TAFIKA - ZANDARY ARY POLISY.

Rehefa tafapetraka eto Madagasikara ny rafitra Etat regional, ary samy manana ny loharanom-bolany ny fanjakana foibe sy ny faritra dia ahazo tombontsoa maro ny miaramila, ny zandary ary ny polisy, arakaraka ny andraikiny sy ny toerana misy azy ao anatin'ity rafitra vaovao ity.

## 1. HO AN'NY TAFIKA .

- Ny Tafika dia eo ambany fifehezan'ny fanjakana foibe mivantana.

Noho izany dia anjaran'ny fanjakana foibe ny mikarakara azy ireo amin'ny vola azony avy amin'ny fadin-tseranana sy ny akora stratejika.

- Ireto avy ny tombontsoa azony tafi-bahoaka amin'izany :

- **Fanatsarana ny fitaovan'ny miaramila sy ny foto-drafitr'asa rehetra ilainy.**

✔ Ny fitondrana foibe no tompon'andraikitra amin'ny fanomezana sy manavao ny fitaovam-piadiana, manamafy ny toby miaramila, ary manome fiofanana ny tafika.

✔ Fanamboarana "CITE" na "TRANO FONENANA" ho an'ny fianakavian'ny miaramila mba hiantohana ny fandriam-pahaleman'ny vady amanjanan'izy ireo.

- **Fanaraha-maso sy fiarovana ny sisin-tany**.

✔ Ny fanjakana foibe no miantoka ny fandaniana ilain'ny tafika amin'ny fiarovana ny sisin-tany an-dranomasina amin'ny fiadiana fanondranana an-tsokosoko sy fandrahonana hafa avy any ivelany ny tafika.

- **Fanohanana amin'ny asa vonjy taitra sy fiarovana nasionaly**.

✔ Afaka mandray anjara amin'ny ady amin'ny loza voajanahary sy ny krizy ara-piaraha monina ny tafika, satria mahazo teti-bola voatokana avy amin'ny fanjakana foibe.

## 2. HO AN'NY ZANDARY .

Noho ny andraikiny amin'ny fitandrovana ny filaminam-bahoaka sy ny fiarovana, dia mahazo famatsiam-bola avy amin'ny fitondrana foibe ny zandary.

- **Fifandraisana akaiky kokoa amin'ny mponina**.

✔ Ny fitondrana foibe dia tompon'andraikitra amin'ny fananganana "CITE" na TRANO FONENANA" ho an'ny fianakavian'ny zandary sy toby (na caserne de la zendarmerie) manerana an'i Madagasikara.

✔ Ny governemanta rezionaly kosa dia afaka manangana sy mikarakara toby na caserne any ambanivohitra mba hisian'ny fandriampahalemana raha ilaina izany.

- **Fanatsarana fiaraha miasa.**

✔ Ny mpitondra amin'ny faritra dia afaka manome solika na fitaovana ho an'ny zandary amin'ny fanaraha-maso sy fisafoana mba hiantohana ny fandriam-pahalemana eo amin'ny vahoakany raha ilaina izany.

Izany hoe ilaina ny fiaraha miasa amin'ny mpitondra amin'ny faritra sy kaominina.

- **Fifanarahana amin'ny manam-pahefana isam-paritra.**

✔ Ny mpitondra amin'ny faritra dia afaka mifanaraka amin''ny zandary mampifandray ny paikadin'ny fiarovana amin'ny filàna manokana eo amin'ny faritra (ohatra, ady amin'ny halatr'omby na disadisa amin'ny tany).

- **Fiaraha miasa ho an'ny fiaraha-monina.**

✔ Ny zandary dia afaka mandray anjara amin'ny fampianarana momba ny fandriampahalemana sy ny fifandaminana amin'ny ady rehefa misy ny disadisam-piarahamonina.

## 2. HO AN'NY POLISY .

(Loharanom-bola mifangaro : fitondrana foibe + faritra)

Ny polisim-pirenena dia eo ambany fifehezan'ny fanjakana foibe. Nefa ny asan'izy ireo dia miantoka ny fandriam-pahalemana amin'ny kaominina.

Ka noho izany dia manana andraikitra koa ny mpitondra amin'ny faritra amin'ny fampandehanana ny asan'ny polisim-pirenena.

Ny fiaraha miasa ny mpitondra amin'ny faritra sy kaominina ary ny polisim-pirenena no mampisy fahombiazana amin'ny asa fampandriam-pahalemana eny ifotony.

### *1. Fahaleovantena ara-bola.*

✔ Ny fandraisana anjara ataon'ny mpitondra fanjakana avy amin'ny faritra dia ahafahan'ny polisy miasa eo antoerana araka ny tena filàna isam-paritra (isan'ny polisy, fitaovana, solika, sns).

✔ Ny fanapahan-kevitra avy amin'ny mpitondra eo antoerana no manamora ny fandraisana andraikitra malaky rehefa misy ny fotoan-tsarotra.

### *2. Fanatsarana ny fotodrafit'rasa sy fitaovana.*

✔ Ny fitondrana foibe dia miantoka ny fandoavana ny karaman'ny polisy, fananganana biraon'ny polisy sy trano fonenana ho an'ny fianakavian'ny polisy ( Cité).

Ny fitaovana lehibe toy ny aotomobilina sy ny fitaovana goavana dia mbola anjaran'ny fanjakana foibe avokoa.

✔ Ny faritra koa dia afaka miantoka fitaovana hafa izay ilain'izy ireo amin''ny asany eo antoerana .

Izany no atao dia mba afahan'ny tompon'andraikitra amin'ny polisy eo antoerana manome haja sy voninahitra ny mpitondra amin'ny faritra.

***3. Fifanarahana amin'ny fomba fiasa amin'ny sehatra nasionaly sy isam-paritra.***

✔ Ny ministeran'ny Atitany dia mitazona ny fibaikoana amin'ny paikady nasionaly amin'ny fandriampahalemana.

✔ Ny mpitondra fanjakana amin'ny faritra kosa dia afaka mampifanaraka ny paikady amin'ny zava-misy eo an-toerana rehefa tsy mifanipaka amin'ny tanjona iraisana nasionaly.

***4. Fanatsarana ny fomba fiasa.***

✔ Ny fanampiana amin'ny famatsiam-bola avy amin'ny faritra dia ahafahan'ny manam-pahefana momba ny fandriam-pahalemana mandamina ny isan'ny polisy ilaina araka ny zava-misy eny ifotony.

✔ Ny fahafahana mahazo ny vola ilaina ampiasaina mba isian'ny fandriam-pahalemana dia manatsara ny fahombiazan'ny polisy amin'ny asany.

**5. Fanamafisana ny fiarovana eny ifotony sy fiaraha-miasa amin'ny mpitondra amin'ny faritra.**

✔ Ny mpitondra amin'ny faritra, amin'ny maha-akaiky azy ny vahoaka, dia afaka mamantatra tsara ireo olana ara-piaraha monina misy amin'ny faritra misy azy.

✔ Ny fiaraha-miasa eo amin'ny polisy sy ny tompon'andraikitra ao an-toerana dia manatsara ny fiarovana ny vahoaka amin'ny tsy fandriampahalemana.

**6. Tombontsoa iombonana ho an'ny Tafika, Zandary ary Polisy.**

✔ **Fanatsarana ny foto-drafitr’asa fiarovana** :

Ny vola miditra amin’ny faritra sy kaominina dia afaka hanamboarana foto-drafitr’asa iombonana (trano fiasana, lalana ho an’ny fisafoana, sns).

✔ **Fametrahana fiarovana mifanaraka amin’ny zava misy eo antoerana** :

Hifanome tanana ny tafika, zandary ary polisy amin’ny famahana olana manokana amin’ny faritra (fandriampahalemana ambanivohitra, fiarovana ny ranomasina, fanaraha-maso amin’ny varotra an-tsokosoko, sns).

✔ **Fiofanana sy fanamafisana fahaiza-manao** :

Noho ny fanampiana ara-bola avy aminny faritra, dia azo atao ny fiofanana manokana mifanaraka amin’ny filàn’ny faritra (ohatra, ady amin’ny doro tanety, fandriam-pahalemana amin’ny faritra fizahan-tany).

✔**Fiaraha-miasa amin’ny manam-pahefana eo an-toerana** :

Mitombo ny fifampitokisana eo amin’ny mpitondra amin’ny faritra sy ny polisim-pirenena noho ny fiaraha-miasa amin’ny fitadiavana vahaolana hampisy filaminantsaina ny vahoaka amin’ny alalan’ny fitantanana isam-paritra.

✔ **Fanaraha-maso sy fitantanana ara-drariny ny teti-bola:**

Mila apetraka ny fitantanana mangarahara mba hisorohana ny kolikoly eo amin’ny asan’ny polisy.

✔ **Mifanaraka amin’ny zava-misy eny ifotony ny tolotra omena :**

Samy manana ny olana ara-pilaminana ny faritra tsirairay. Ilaina ny fitantanana ara-drariny sy famatsiam-bola ampy ho an’ny isam-paritra afahan’ny mpiatandro filaminana manatanteraka ny asany.

## FEHIN-KEVITRA,

Ny rafitra Etat regional dia mahafaka manampy amin’ny famatsiam-bola ny mpitandro ny filaminana araka ny filàn’ny faritra.

Ny zandary sy polisy kosa, amin’ny maha-akaiky azy ny vahoaka, dia hanatsara ny fahafahany mihetsika, saingy ilaina ny fandrindrana tsara eo amin’ny mpitondra amin’ny fanjakana  foibe sy ny mpitondra amin’ny faritra.

## XX- TOMBOTSOA AMIN'NY FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA.

-Ny fananganana fanjakana rezionaly eto Madagasikara dia hanamafy ny fiarovana ireo biby sy zavamaniry endemika amin'ny alalan'ny fitantanana mahomby sy mifanaraka amin'ny toetoetry ny ekôsistema isam-paritra.

-Ireto avy ny tombotsoa lehibe ho azon'ny Madagasikara amin'izany :

### 1. Fiarovana ny karazam-biby sy zavamaniry endemika.

- Madagasikara dia manana 90 % amin’ireo karazam-biby sy zavamaniry izay tsy hita eran’izao tontolo izao, anisan'izany ny varika, sahona, baobaba ary zava-maniry maro samihafa.

- Amin’ny rafitra Etat regional, ny faritra sy ny kaominina dia hanana fahefana mivantana amin’ny fiarovana ny harena voajanahary misy eo aminy.

- Afaka mametraka politika manokana amin’ny fiarovana ny ala, ny biby sy zavamaniry endemika ny faritra, mifanaraka amin’ny filan’ny mponina sy ny zava-misy ara-tontolo iainana eo aminy.

**2. Fampitomboana ny teti-bola ho an’ny fiarovana ny tontolo iainana**.

- Samy manana ny fidiram-bolany ny mpitondra amin’ny fahefana foibe sy ny mpitondra amin’ny faritra sy kaominina

- Ny vola azon’ny mpitondra amin’ny faritra dia mizara toy izao :

- 40% ho an’ny kaominina izay hanampy amin’ny tetikasa fiarovana sy fanarenana ny tontolo iainana.

- 40% ho an’ny mpitondra amin’ny faritra izay azo hampiasaina amin’ny fampandrosoana maharitra sy ny fiarovana ny harena voajanahary.

- Ity rafitra ity dia ahafahan’ny faritra sy ny kaominina manana teti-bola mazava sy ampy amin’ny fampiharana politika miaro ny tontolo iainana.

**3. Fampandraisana anjara ny Mponina amin’ny Fiarovana ny Zava-boahary.**

- Amin’ny alalan’ny vola miditra mivantana any amin’ny faritra sy kaominina, dia ho mora kokoa ny fanentanana sy fanabeazana ny mponina amin’ny maha-zava-dehibe ny fiarovana ny tontolo iainana.

- Afaka mamorona asa maitso (eco-jobs) toy ny “mpiambina valanjavaboahary, mpitari-dalana amin’ny fizahantany ara-tontolo iainana, sy mpikaroka ara-tontolo iainana” ny faritra, izay hampiroborobo ny asa sy hampihena ny fandringanana ny harena voajanahary eto Madagasikara.

**4. Fanatsarana ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fandripahana Ala.**

- Ny faritra dia hanana fahefana manokana amin’ny fametrahana lalàna hentitra hiadiana amin’ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fanapahana ala tsy ara-dalàna.

- Afaka mamorona andrim-panjakana miasa manokana amin'ny fanaraha-maso ny ala sy fiarovana ny biby endemika isaky ny faritra ny mpitondra amin'ny faritra, biby izay tsy misy raha tsy eto Madagasikara.

**5. Fampitomboana ny mpizahatany.**

- Ny fizahantany dia loharanom-bola lehibe ho an'ny faritra, indrindra amin'ny alalan'ny fizahan-tany ara-tontolo iainana izay manohana mivantana ny fiarovana ny zava-boahary.

- Ny vola miditra amin'ny faritra dia azo ampiasaina amin'ny:

- Fanatsarana ny foto-drafitr'asa ho an'ny fizahan-tany.

- Fampiofanana ny mponina amin'ny fahaiza-manao ilaina amin'ny fizahan-tany maharitra.

## Fehiny

Ny rafitra Etat régional dia manome fahefana betsaka ny mpitondra amin'ny faritra sy kaominina amin'ny fiarovana ny tontolo iainana amin'ny alalan'ny fitantanana eny ifotony.

Miaraka amin'ny fizarana loharanom-bola mazava (40% ho an'ny kaominina sy 40% ho an'ny faritra), dia ho mora kokoa ny fanatanterahana tetik'asa miaro ny harena voajanahary eto Madagasikara, mampirisika ny fizahan-tany maharitra ary manampy amin'ny fanentanana sy fanabeazana ny mponina eny ifotony.

Izany dia ahafahana mampifandanja ny fampandrosoana sy ny fiarovana ny tontolo iainana eto Madagasikara.

# XXI- TOMBONTSOA AMIN'NY FIAROVANA NY HARENA VOAJANAHARY.

Ny fampiharana ny rafitra rezionaly eto Madagasikara, izay ahitana fizarana loharanom-bola eo amin'ny fahefana foibe sy ny faritra, dia manana tombontsoa maro amin'ny fiarovana sy fitantanana ny harena voajanahary :

**1. Fitantanana sy fampiasana mahomby ny harena voajanahary.**

-Ny faritra tsirairay dia manana fahefana mivantana amin'ny harena ananany (harena an-kibon'ny tany, ala, tany fambolena, harena an-dranomasina), izay ahafahana mitantana azy ireo amin'ny fomba mahomby sy mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony.

- Mihena ny fanapahan-kevitra avy any amin'ny fanjakana foibe tsy mahomby: fanapahan-kevitra tsy mifanaraka amin'ny zava misy any ifotony.

**2. Fizakantena ara-bola sy fampandrosoana ny faritra.**

- Ny hetra sy ny haba alain'ny faritra dia hampiasainy mivantana amin'ny tetik'asa fampandrosoana (foto-drafitr'asa, tolotra ho an'ny daholobe, fiarovana ny tontolo iainana).

- Tsy miankin-doha intsony amin'ny teti-bolan'ny fanjakana foibe ny faritra, ka afaka manatsara ny andraikitra ara-pitantanana sy ara-piarovana ny harena voajanahary any ifotony.

**3. Fiarovana bebe kokoa ny harena voajanahary.**

- Ny manam-pahefana eo an-toerana dia ho tompon'andraikitra tanteraka amin'ny fiarovana ny ala, ny ady amin'ny fandringanana ala ary ny fitantanana maharitra ny harena an-dranomasina.

- Hanana tombontsoa mivantana amin'ny fiarovana ny harena ananany ny mponina, ka ho saro piaro amin'ny harena voajanahary eo aminy.

**4. Fanintonana ireo mpampiasa vola eo an-toerana.**

- Amin'ny fahazahoan'ny tompon'andraikitra amin'ny faritra mampiasa ny vola miditra ao aminy, dia afaka mametraka lalàna sy fepetra ara-toekarena izy ireo.

Lalàna mahasarika ny mpandraharaha avy eto antoerana na avy any ivelana hampiasa ny volany raha mety aminy ny harena voajanahary misy eo amin'ny faritra ka mihena ny kolikoly ateraky ny fahefana be loatra avy amin'ny fanjakana foibe.

**5. Fizarana harena ho tombontsoan'ny rehetra.**

- Ankehitriny dia ny mpitondra fanjakana any amin'ny fanjakana foibe any Antananarivo no mahazo tombotsoa rehetra amin'ny fizahantany, fa amin'ity

rafitra ity dia mahazo tombontsoa koa ny mponina any amin’ny faritra . Hampihena ny fifandirana eo amin’ny mpitondra amin’ny faritra sy ny mpitondra amin’ny fanjakana foibe izany satria mazava tsara ny fizarana ny harena ara-toekarena.

**6. Fahafahana malalaka mitantana ny tontolo iainana.**

- Ny faritra tsirairay dia afaka mampihatra politika ara-tontolo iainana mifanaraka amin’ny filany manokana (ohatra: fitantanana ny honahona amin’ny morontsiraka, fiarovana ny valan-javaboary amin’ny faritra avo).

- Mahomby ny ady amin’ny fanararaotana tsy ara-dalàna ny harenam-pirenena, ohatra (fanondranana hazo sarobidy, jono tsy ara-dalàna, fitrandrahana harena an-kibon’ny tany tsy ara-dalàna).

**7. Fanatsarana ny fotodrafitrasa sy ny tolotra ho an’ny daholobe amin’ny faritra.**

- Amin’ny vola miditra ao aminy, dia afaka mampiasa vola amin’ny fanamboaran-dalana, seranana madinika, sekoly, hopitaly ny faritra, mifanaraka amin’ny filàny.

- Tsy hiandry vola avy amin’ny fanjakana foibe intsony, izay voafetra na zaraina amin’ny fomba tsy mitovy.

## Fehiny.

Amin’ny ankapobeny, ny fananganana rafitra rezionaly dia ahafahana mitantana ny harena voajanahary eto Madagasikara amin’ny fomba mahomby, mangarahara ary aradrariny. Hampiroborobo ny fampandrosoana ara-toekarena amin’ny faritra tsirairay izany ary hiantoka ny fiarovana ny harena voajanahary eny ifotony noho ny fandraisana andraikitry ny mponina sy ny manam-pahefana rehetra any amin’ny faritra.

## XXII-TOMBOTSOA AMIN’NY FIAROVANA NY KOLOTSAINA ARA-DRAZANA.

-Ny kolontsain'ny firenena iray dia mirakitra ny soatoavina, ny finoana, ny fomban-drazana, ny fomba amam-panao, ny fiteny, ny zava-kanto, ny sakafo, ny mozika ary ny fomba fiainana izay mampiavaka amin’ny firenena hafa.

-Ny kolontsaina koa dia mila ampitaina amin'ny taranaka fara sy dimby.

-Ny kolontsaina koa anefa dia miovaova rehefa misy fifanakalozana amin'ny kolontsaina hafa, na noho ny fandrosoana ara-teknolojia , na noho ny fiovàna ara-tsosialy.

-Ny fampiharana ny Lalàm-panorenana "Etat regional " dia mitondra tombontsoa maro amin'ny fikajiana ny kolontsain'ny faritra tsirairay eto Madagasikara:

**1. Fahaleovantena ara-kolontsaina sy ara-pitenenana:**

- Ny faritra tsirairay dia afaka mampiroborobo sy miaro ny fiteniny, ny fomban-drazany. ary mampita izany amin’ny taranany.

**2. Fampiroboroboana ny fahalalana nentin-drazana:**

- Ny Fanjakana isam-paritra dia mamela malalaka ny tompon’andraikitra eo an-toerana hampiasa ny fahalalana nentim-paharazana (fitsaboana nentin-drazana, asa tanana, fomba fambolena) amin'ny fampandrosoana ny faritra misy azy.

**3. Fiarovana ny lova-tsofina sy ireo toerana manatantara eo amin’ny faritra:**

Amin’ity rafitra ity, ny faritra dia manana vola afaka ampiasainy amin’ny:

- fiarovana ireo lova-tsofina sy ireo toerana manatantara ao aminy :
- fanomana lanonana fampahafantarana ireo lova ara-kolontsaina sy fomban-drazana ao aminy.

**4. Fampandrosoana ny fampianarana amin'ny fiteny roa na telo:**

-Ny rafitra fanabeazana isam-paritra dia afaka mampiditra fandaharam-pianarana izay ahitana ny fiteny sy tantara eo an-toerana.

-Izany no atao dia afahana mampahafantatra ireo kolontsaina ho an'ny taranaka fara sy dimby.

**5. Fampiroboroboana ny fizahantany ara-kolontsaina ( tourisme culturel)**

- Ny faritra tsirairay dia afaka mampiseho ny maha-izy ara-mozika , dihy, sakafo, asa tanana, ka manintona mpizaha tany.

Izany rehetra izany dia mitarika fampivoarana ny toe-karena eo an-toerana.

**6. Fahaleovantena amin'ny fanapahan-kevitra ara-kolontsaina:**

- Ny politika fiarovana ny lova ara-kolontsaina dia tsy ho fehezin'ny mpitondra amin'ny fanjakana foibe intsony.

Manana fahefana feno ny mpitondra amin'ny faritra maka fanapahan-kevitra mifanaraka amin'ny zava-misy eo an-toerana.

**7. Fampiroboroboana ny maha-izy azy isam-paritra amin'ny haino aman-jery:**

**-**Ny fahitalavitra sy ny onjam-peo eo an-toerana dia afaka mampiely ny kolo-tsaina sy ny fomban-drazana eo amin'ny faritra.

-Raha fintinina, ny Fanjakana isam-paritra dia manamafy ny fahasamihafana ara-kolontsaina eto Madagasikara amin'ny fanomezana ny faritra fahefana sy andraikitra bebe kokoa hiarovana sy hampiroboroboana ny lovany ara-kolotsaina sy ny fomban-drazany.

## XXIII- TOMBOTSOA AMIN'NY FIKARAKARANA NY ENTONA KARBONA

Ny fametrahana ny fanjakana isam-paritra eto Madagasikara dia mitondra tombontsoa maro amin'ny fitantanana ny vola azo avy amin'ny entona karbona

Ireto avy ny tombontsoa azo avy amin'izany:

**1. Fitantanana ny vola azo avy amin'ny entona karbona.**

**➤ Fifantohana sy fahombiazana lehibe kokoa**

- Ny faritra tsirairay dia afaka mitantana mivantana ny tetik'asa mikasika ny entona karbona, ary afaka miara-midinika amin'ireo mpividy sy ireo mpampiasa vola , fa tsy miandry ny fanapahan-kevitry ny fanjakana foibe intsony.

- Ny paikady ampiasain'ireo mpitondra amin'ny faritra dia mifanaraka amin'ny zava-misy eo antoerana (ala mando atsinanana, honahona andrefana, tanety atsimo).

**➤ Fizarana tsara kokoa ny vola miditra avy amin'ny entona.**

-Ny vola azo avy amin'ny entona karbona dia mijanona amin'ny faritra, afaka ampiasaina amin'ny fiarovana ny ala sisa tavela eo antoerana .

-Manohana ny fiainan'ny mponina eo an-toerana fa tsy lasa intsony any amin'ny fanjakana foibe izay tsy fantatra izay ampiasaina azy.

- Ny fiarahamonina eo an-toerana sy ny mpisehatra ara-toekarena dia mahazo tombony mivantana avy amin'ny vola miditra avy amin'ny entona, ka miteraka fitiavana sy fiarovana bebe kokoa ny ala.

**➤ Ady amin'ny kolikoly.**

- Afaka mamorona boky isam-paritra ny mpitondra ahitana mazava ny vola azo avy amin'ny entona karbona.

Soratana mazava tsara amin'io boky io ny vola miditra ary hita mazava tsara ao koa ny fampiasana azy mba ialana amin'ny fanodikodinam-bola.

- Mora kokoa ny fanaraha-maso ny fampiasana ny vola. Izany rehetra izany dia mampirisika ny fandraisana anjara bebe kokoa ho an'ireo olona eo antoerana amin'ny fiarovana ny ala satria misitraka ny tombotsoa azo avy aminy izy ireo.

**2. Fitantanana ny ala.**

**➤ Fiarovana mafimafy kokoa ny tontolo iainana.**

- Ny faritra tsirairay dia afaka mamolavola ny politikany momba ny tontolo iainana, mifanaraka amin'ny toe-javatra misy eo aminy (fambolen-kazo, fiarovana ny azo izay tsy misy raha tsy eto Madagasikara sns…..).

- Fitantanana mahomby kokoa ny faritra arovana raha ampitahana amin'ny zava-misy ankehitriny.

- Misoroka ny fifandirana eo amin'ny mpitondra amin’ny faritra sy ny mpitondra amin’ny fanjakana foibe.

➤ **Fizakantenan'ny faritra amin'ny fitantanana.**

- Fanaraha-maso tsara kokoa ny fampiasana ny ala (hazo sarobidy, arina fandrehitra), miaraka amin'ny fitsipika mifanaraka amin'ny faritra tsirairay.

- Fametrahana fandaharan'asa isam-paritra momba ny fiarovana ny ala mba hisiana fifandraisana ny fiarovana ny ala sy ny fampandrosoana ara-toekarena eo antoerana.

➤ **Fandraisan’ny mponina eo an-toerana anjara.**

- Fanomezana zo ho an’ny vahoaka eny ifotony amin'ny fananan-tany, izany no atao dia mba hanatsarana ny fiarahamonina eo an-toerana ary miantoka ny fandraisan’izy ireo anjara amin'ny fiarovana ny ala.

- Mila manokana vola ny mpitondra amin’ny faritra afahana manome valisoa ho an'ny mponina izay miaro ny ala eo aminy.

**3. Fampandrosoana maharitra.**

- Azo atao ny mampiroborobo ny fizahan-tany ara-tontolo iainana isam-paritra satria voakarakara tsara ny fitantanana ny ala sy ny harena voajanahary eny ifotony.

- Fampiroboroboana ny fampiasam-bola maitso (fambolena maharitra, angovo azo havaozina) amin'ny alàlan'ny fanamorana ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ny fanjakana eo an-toerana.

- Famoronana asa amin'ny alàlan'ny tetik’asa “entona karbona” sy famerenana ny ala. Afaka mamorona tetikasa miaro ny fandripahana ala tsy ara-dalàna.

## Fehiny.

Ny rafitra Etat Regional dia ahafahana manatsara ny fitantanana ny vola azo avy amin’ny entona karbona sy ny ala eto Madagasikara.

Ity rafitra ity koa dia mampanatona ny fanapahan-kevitra any ifotony amin'ny fomba mahomby sy ara-drariny araka ny zava-misy marina eo an-toerana.

Sady mampihenana ny kolikoly satria ny tompon'andraikitra izay miaraka miaro ny ala amin'ny vahoaka no mitantana ny vola azo avy amin'ny entona karbona.

Ka noho izany dia samy mahatsapa ny tombotsoa azo avy amin'ny ala izay arovana ireo vahoaka eo antoerana ka dia manamafy ny fanohanan'izy ireo ny fiarovana ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana ara-toekarena ny faritra.

## XXIV- TOMBOTSOA AMIN'NY FIZAHANTANY.

-Ny fampiharana ny "rafitra rezionaly" eto Madagasikara dia afaka mitondra tombotsoa maro amin'ny fampandrosoana ny lafiny fizahantany, noho ny fanapahan-kevitra akaiky ny toerana izay tsidihin'ireo mpizahatany.

-Ny rafitra koa moa manome fahefana ara-bola sy ara-pitatatanana tena mety tsara ho an'ireo vondrom-bahoaka itsizaram-pahefana any amin'ny faritra.

-Ny fidiramolan'ny fanjakana foibe moa dia avy amin'ny fadin-tsearanana, ny an'ny faritra kosa avy amin'ny haba sy hetra.

-Ireto ny tombotsoa ho azon'ny Madagasikara amin'izany:

**1. Fanomezan-danja ny toerana malaza isam-paritra.**

-Manana toerana tsara man-danja sy manana endrika manokana ny faritra tsirairay eto Madagasikara.

-Amin'ny vola miditra amin'ny mpitondra amin'ny faritra, dia afaka mikarakara tsara azy ireo ny mpitondra mba afahana mampiseho ny mampiavaka ireo toerana ireo.

- Rehefa tsar any fikarakarana ireo toerana manan-danja isaky ny faritra tsirairay, dia ho maro ny mpizahatany ho tong aka mampisy fidiram-bola.

Ohatra :

- Ny tora-pasika tsara tarehy ao Nosy Be sy Sainte-Marie.

- Ny lemuriens amin'izay toerana mbola misy ala ( Andasibe)

-Ny lalana BAOBAB any Morondava sy ny Tsignin'ny Bemaraha.

- Ny kolontsaina nentim-paharazana any amin'ny Faritra Avaratra .

-Ary ny hafa maro koa……

**2. Fahafahana mampiaa ny vola azo avy amin'ny fizahantany.**

Amin'ity rafitra rezionaly ity, dia manana fidiram-bola avy amin'ny haba sy hetra ny faritra sy kaominina ka afaka manatsara ireo foto-drafitr'asa ilaina amin'ny fizahantany:

- Fampiasam-bola amin'ny fanatsarana foto-drafitr'asa fizahantany (lalambe, hotely, seranam-piaramanidina).

- Fikojakojana sy fiarovana ny valan-javaboary ary ny toerana manana tantara ( musée).

**3. Fanatsarana ny foto-drafitr'asa eo an-toerana**.

Mila foto-drafitr'asa mifanaraka amin'ny filàn'ny mpizahatany ireo toerana manan-danja ao amin'ny faritra (làlana, fidirana amin'ny toerana manan-tantara, tolotra samihafa).

Ireo mpitondra amin'ny faritra dia afaka mandray fanapahan-kevitra manatanteraka foto-drafitr'asa mifanaraka amin'ny filàn'ny mponina sy ny mpizahatany.

**4. Fampiroboroboana ny fiaraha-miasa amin'ny mpiara-monina**.

Ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana amin'ny rafitra rezionaly dia afaka manampy ny vahoaka amin'ny:

- Fandraisan'anjaran'ny mponina amin'ny sehatry ny fizahantany:

Famolavolana mpitari-dia ( guides ), asa tanana, trano fandraisam-bahiny.

- Fampiasana ara-drariny ny vola miditra amin'ny fizahantany, mba hahazoan'ny vahoaka tombony mivantana amin'izany.

**5. Fanatsarana ny fanaovana dokam-barotra mba hitarihana mpizaha-tany.**

Afaka manao dokam-barotra fampahafantarana ny zavatra tsara ilain'ny mpizaha-tany misy ao aminy ny mpitondra amin'ny faritra tsirairay, toy ny:

- Fampiroboroboana ny fizahantany any amin'ny faritra be ala ( écotourisme).

- Fampivelarana ny fizahantany ara-kolontsaina sy ara-tsakafo any amin'ny toeran-kafa

**6. Fampandrosoana maharitra ny fizahantany.**

Ny fananan'ny mpitondra amin'ny faritra fidiram-bola azo avy amin'ny haba sy hetra dia ahafahan'izy ireo mifehy tsara ny zavatra ilain'ny mpizahatany amin'ny tontolo iainana misy eo aminy.

- Afaka manentana ny vahoaka ry zareo amin'ny fiarovana ny loharanon-karena voajanahary izay mitarika mpizahatany amin'ny faritra.

**7. Fisarihana mpandraharaha eo an-toerana sy avy any ivelany.**

Amin'ny fahazahoan'ireo mpitondra amin'ny faritra fahefana malalaka mampivoatra ny faritra misy azy, dia ho mora kokoa azy ireo ny:

- Mamporisika mpandraharaha ho tonga amin'ny sehatry ny fizahantany amin'ny alalan'ny fanalefahana hetra.

- Manamora ny fikarakarana antontan-taratasy amin'ny fananganana foto-drafitr'asa fizahan-tany.

**8. Atao maro ny safidy ho an'ny mpizaha-tany**.

Ny rafitra rezionaly dia ahafahana mampivelatra endrika fizahan-tany maro samy hafa, toy ny:

**- Fizahan-tany ifotony:**

Mipetraka miaraka amin'ny mponina ny mpizaha-tany ka mahita ny fomba fiaina nentim-paharazana.

-**Fizahan-tany miompana amin'ny fijerena ifotony ny zava-boahary:**

Fiakarana tendrombohitra, ary fandalinana zava-boary amin'ny faritra voafaritra.

## FAMARANANA.

-Ny rafitra rezionaly dia hampisy fifaninanana amin'ny fitarihana mpizahatany amin'ny faritra rehetra eto Madagasikara, satria samy te hampiseho ny mampiavaka azy ny faritra tsirairay.

-Samy hiezaka ny mpitondra amin'ny faritra hanamboatra sy hanatsara ny foto-drafitr'asa misy eo aminy ary manentana ny mponina ao aminy mba handray anjara satria mitondra tombotsoa lehibe ho azy ireo ny fisihana mpizatany betsaka.

-Izany fifaninanana eo amin'ny samy faritra sy samy kaominina izany no hitarika fampandrosoana aingana ny faritra rehetra eto Madagasikara, ka hampandroso haingana ny firenena.

## XXV- TOMBOTSOA HO AN'IREO MPANDRAHARAHA VAHINY TE HAMPIASA NY VOLANY ETO MADAGASIKARA

Ny fampiharana ny rafitra rezionaly dia hanokatra varavarana lehibe ho an'ireo mpandraharaha vahiny te hampiasa ny volany eto Madagasikara.

Ireto avy ny tombontsoa azon'izy ireo raha tafapetraka eto amintsika ny rafitra Etat regional.

### 1. FAHAFAHANA MIVANTANA MIRESAKA AMINNY MPITONDRA AMIN'NY FARITRA

- **Manamora ny fiaraha miasa amin'ny tompon'andraikitra ao an-toerana:**

- Mora kokoa ho an'ireo mpandraharaha hampiasa ny volany eto Madagasikara ny manatona mivantana ny tompon'andraikitra amin'ny faritra ka afaka miara-miasa mivantana amin'ny governemanta rezionaly izy ireo.

- Mahafaka mametraka politika hampiroboroboana ny fampiasam-bola mifanaraka amin'ny toekaren'ny faritra ny governemanta rezionaly.

- **Fifampiresahana tsotra sy mahomby:**

-Ny mpandraharaha vahiny dia afaka miresaka mivantana amin'ny governemanta rezionaly, ka tsy mila miandry ny fanapahan-kevitry ny governemanta foibe intsony, izay matetika ela kokoa sady mametraka olana maro.

- Tatitra amin'ny Prefecture fotsiny no atao dia izy indray no manao tatitra amin'ny fanjakana foibe.

## 2. FANAMORANA NY FANGATAHANA .

- **Fomba fiasa tsotra sy mangarahara:**

-Hisy ny lamina sy rafitra ara-dalàna amin'ny faritra hanamorana ny fananganana orin'asa sy ny fanomezana alàlana hanokatra orin'asa.

-Ho mora kokoa ny mamita ny antontan-taratasy ara-panjakana satria ny faritra dia afaka manome alàlana mivantana ho an'ireo mpandraharaha te hampiasa vola eo aminy.

- **Fankatoavana ny fitoviana ara-barotra:**

Ny governemanta rezionaly dia afaka manome fepetra manokana (incitations) ho an'ireo te hanokatra orin'asa, toy ny fanamaivanana hetra, fanomezana tany na trano hampiasaina, na tombontsoa manokana ireo mpandraharaha te hampiasa vola ao amin'ny faritra.

- **Fanohanana ara-teknika sy ara-pitaovana**

Ny governemanta rezionaly dia afaka manampy ara-teknika na ara-pitaovana ireo mpandraharaha vahiny na Malagasy vonona hampiasa ny volany ao aminy.

- **Fampiroboroboana ny foto-drafitr'asa:**

Ny fahatongavan'ireo mpandraharaha vahiny dia hiteraka fanatsarana sy fanamboarana foto-drafitr'asa toy ny làlana, seranan-tsambo, seranam-

piaramanidina ary tambazotra an-telefaonina sy internet any amin'ny faritra rezionaly.

## 3- FAMPITOMBOANA NY TOMBONTSOA ARA-TOEKARENA.

- **Fampihenana ny saran'ny fandraharahana:**

-Rehefa mandroso ny faritra dia mahafaka mametraka lamina politika ho fampihenana ny sarany amin'ny famatsiana herinaratra sy hetra ny mpitondra mba hanintonana ireo mpampiasa vola vahiny hafa koa.

-Ny fampiasana mpiasa eo an-toerana dia tombotsoa lehibe ho an'ireo mpampiasa vola sy ho an'ny mponina amin'ny faritra.

- **Fanohanana ara-ketra:**

-Ny governemanta rezionaly dia afaka manolotra tombontsoa ara-ketra, toy ny tsy fandoavana hetra ho an'ny orinasa vaovao na mampihena hetra ho an'ireo mpandraharaha miara-miasa amin'ny faritra marefo.

- **Fahafahana mamokatra vokatra tsara :**

-Afaka mamokatra sy manondrana vokatra any ivelany ireo orinasa vahiny ka mitondra tombotsoa amin'ny faritra izany amin'ny fandoavana hetra.

-Ny rafitra rezionaly dia afaka manome antoka ho an'ny mpampiasa vola, toy ny fanomezana antoka ara-dalàna an'ireo mpandraharaha amin'ny vola nampiasaina na ny fiarovana azy ireo amin'ny tsy fandriam-pahalemana eo an-toerana.

## 4- FANOHANANA NY MPANDRAHARAHA AO AMIN'NY FARITRA.

- **Fanamorana ny fanondranana vokatra any ivelany:**

-Ny faritra rezionaly dia afaka mandrindra sy manohana ireo mpandraharaha ao aminy afahan'izy ireo manondrana vokatra any ivelany.

-Mahafaka mananganana seranan-tsambo sy seranam-piaramanidina stratejika ho fanohanana ireo mpandraharaha ao anatin'ny faritra.

- **Fampiroboroboana ny tsena anatiny:**

Ny governemanta rezionaly dia afaka mamorona tsena anatiny, indrindra amin'ny fanamorana ny fifandraisana amin'ireo faritra hafa.

## 5- TOMBOTSOA MIVANTANA HO AN'NY VAHOAKA

- **Fanofanana mpiasa ho matianina:**

Ny governemanta rezionaly dia afaka manatanteraka fiofanana mifanaraka amin'ny filàn'ny mpampiasa vola ao aminy ( toy ny fambolena, indostria, na asa tanana. )

- **Fandraisana anjara avy amin'ny fiaraha-monina:**

Ny mponina eo an-toerana dia afaka manohana ireo tetikasan'ny orinasa vahiny eo aminy amin'ny fomba mivantana, ka manamora ny fifandaminana sy ny fiaraha-miasa, satria mahatsapa ny tombotsoa azo avy amin'ireo orinasa izy ireo.

## 6- FAHAFAHANA MAMPIVOATRA NY TOE-KARENA ISAN-KARAZANY

- **Fizahan-tany:**

Ny faritra rezionaly dia afaka mamolavola politika manokana hanohanana ny mpampiasa vola amin'ny sehatry ny fizahan-tany (trano fandraisam-bahiny, toerana manintona ara-tantara na voajanahary).

- **Fambolena sy Indostria**:

Mahafaka mametraka politika manokana hampiroboroboana ny fampiasam-bola amin'ny sehatry ny fambolena sy ny fanodinana vokatra eto an-toerana ny mpitondra amin'ny faritra.

- **Angovo azo havaozina**:

Ny mpampiasa vola vahiny dia afaka manampy ny mpitondra amin'ny faritra hamokatra angovo azo havaozina , toy ny masoandro sy ny rivotra ary ny loharano.

## 7- FANAMPIANA IREO ORIN'ASA VAHINY

- **Politika fiaraha miasa amin'ny mpampiasa vola vahiny:**

Ny governemanta rezionaly dia afaka mametraka politika manokana hanohanana ireo orin'asa vahiny, toy ny fanalefahana ny lalàna momba ny tany anorenana orin'asa sy fanalefahana ny hetra raha mbola vao hatsangana ny orin'asa.

- **Fanomezana toky ny mpampiasa vola vahiny:**

Ny mpampiasa vola vahiny dia homena toky fa arovan'ny faritra izy ireo amin'ny fampiasam-bolany, ary hampahafantarina ny zo sy ny andraikiny araka ny lalàna misy eto Madagasikara..

## Famintinana

Ny rafitra rezionaly dia manome tombontsoa lehibe ho an'ireo mpandraharaha vahiny te hampiasa vola eto Madagasikara amin'ny alalan'ny:

- Politika manintona sy fandraisana andraikitra eo an-toerana.
- Fepetra fanamorana ny fandraharahana sy ny fangaraharana.
- Fanohanana ara-teknika sy ara-pitaovana avy amin'ny faritra rezionaly.
- Fiarovana ny fotodrafitr'asa miorona anaty faritra izay hitondra fampandrosoana.

Izany rehetra izany dia hampitombo ny fahatokisan'ireo mpampiasa vola vahiny amin'ny tsena eto Madagasikara sy hampiroborobo ny toekarena malagasy.

## XXVI- TOMBOTSOA HO AN'NY MPAMATSY VOLA IRAISAM-PIRENENA.

Ny fampiharana ny Lalàm-panorenana vaovao Etat régional dia hampisy fiovana lehibe eo amin'ny fiaraha miasa amin'ny mpiombonantoka eto Madagasikara.

Noho ny fizakantenan'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, dia afaka manatona mivantana azy ireo ny mpamatsy vola iraisam-pirenena fa tsy voatery mandalo any amin'ny fanjakana foibe intsony.

Ahitana tombontsoa maro izany ho an'ny mpamatsy vola , na amin'ny lafiny fiaraha miasa (opérationnel), na amin'ny lafiny fametrahana ny paik'ady mba ahombiazan'ny fiaraha miasa (stratégique).

**1. Manamora ny fiaraha-miasa mivantana sy mahomby kokoa**

Amin’ny alalan’ny Lalàm-panorenana Etat régional, dia mahafaka manatona ny mpitondra amin’ny faritra ny mpamatsy vola (PTF), tsy voatery handalo amin’ny fanjakana foibe intsony.

Ity fomba fiasa ity dia manamora ny fiaraha-miasa satria miara mijery sady samy mahafantatra ny  zava-misy marina eny ifotony.

Na izany aza, mba hiantohana ny firindrana amin’ny asam-panjakana sy ny fitandrovana ny firaisan’ny Fanjakana, dia tsy maintsy alefa amin’ireto manampahefana manaraka ireto ny fifanarahana vita amin’ny mpamatsy vola sy ny manam-pahefana isam-paritra .

- Any amin’ny Préfet raha tetik’asa amin’ny faritra no tanterahina ;
- Any amin’ny Lehiben’ny Distrika raha tetik’asa amin’ny kaominina no tanterahina.

Izy ireo manko no solotenan’ny fanjakana foibe manara-maso ny asan’ny olom-boafidy any ifotony .

Izy ireo koa no manoro hevitra raha ohatra ka tsy mifanaraka amin’ny lalana ny zavatra ataon’ny olom-boafidy any ifotony.

Manana andraikitra lehibe izany ny Prefet sy ny lehiben’ny Distrika satria mampifandray ny fanjakana foibe sy ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana any ifotony.

Voafehy tsara ny fitantanana ny vola ampiasaina amin’ny fampandrosoana eny ifotony.

Ny lalàm-panorenana Etat regional dia manamafy ny andraikitry ny tompon’andraikitra eny ifotony amin’ny fitantanana loharanon-karena, ary fanatanterahana tetik’asa izay ilain’ny vahoaka ao aminy.

Izany dia manampy amin’ny:

- Fisian’ny mangarahara amin’ny fampiasam-bola .
- Fanatsarana ny fifandraisana amin’ny vahoaka sy ny mpamatsy vola .
- Fahombiazana bebe kokoa amin’ny fanatanterahana tetik’asa.

Noho izany, dia afaka manohana tetik’asa mifanaraka tsara amin’ny tena filan’ny mponina any ifotony ny mpamatsy vola iraisam-pirenena.

**3. Marisika mandoha hetra ny Malagasy .**

Ny politikan'ny fanjakana isam-paritra dia manome fahefahana ny mpitondra amin'ny faritra handamina tsara ny fizarana andraikitra mba hisiana fidiram-bola tsara kokoa ny vahoaka ao aminy.

Afaka mamorona fidiram-bola hafa azo amin'ny hetra sy haba eny an-toerana ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, izay manampy azy amin'ny:

- fanamafisana ny fahaleovan-tenan'izy ireo ara-bola .
- fanatsarana ny fahaiza-manao miaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka mba hanatsarana ny fidiram-bola.
- fanamaivanana ny fiankinana amin'ny fanampiana avy any ivelany ohatra amin'izao fotoana izao.

Ho an'ny mpamatsy vola, midika izany fa azo atokisana ny fiaraha miasa amin'ireo olom-boafidy eny ifotony.

## 4. Ny fisiana fandriam-pahalemana no antoka amin'ny mpamatsy vola.

Rehefa manana fahefana ny faritra amin'ny fanapahan-kevitra sy fitatanam-bola, dia ho voavaha ny olana eny ifotony.

Mihena ny fitarainana sy tabataba vokatry ny fanjakan'olo-tokana avy any amin'ny fanjakana foibe, tahaka ny zava-misy ankehitriny eto Madagasikara.

Ny fandraisana anjaran'ny rehetra ( fanjakana foibe sy fanjakana eny amin'ny faritra ) amin'ny fanapahan-kevitra nasionaly dia mampisy firaisan-kina sy fahamarinan-toerana ara-politika eto Madagasikara.

Izany fahamarinan-toerana ara-politika izany no ilain'ireo mpamatsy vola satria mampitombo ny fahatokisan'izy ireo amin'ny famatsiam-bola ho an'ny fampandrosoana any Madagasikara.

## Famaranana

Ny fananganana Etat regional eto Madagasikara dia manatsara ny fiaraha miasa amin'ny mpitondra eny ifotony sy ny mpamatsy vola iraisam-pirenena.

Amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa mivantana sy mahomby mifototra amin'ny zava-misy marina eny ifotony, dia hisy ainga vaovao ho amin'ny fampandrosoana noho ny fifampitokisana amin'ny mpamatsy vola sy ireo andrim-panjakana eny ifotony.

## XVI- TOMBONTSOA AMIN'NY FIKARAKARANA FIFIDIANANA.

Ny fampiharana ny Lalàm-panorenana Etat regional eto Madagasikara dia hanamora ny fikarakarana fifidianana.

Ireto avy ny tombontsoa ho azontsika amin'izany:

**1. Fifidianana mazava tsy hisy osoka , olom-boafidy tsy mangala-bato.**

-Ny Rafitra rezionaly dia manome fahefana mazava tsara ireo olom-boafidy sy ny mpitondra amin'ny faritra.

-Afaka mikarakara fifidianana milamina eo aminy ireo mpitondra amin'ny faritra tsirairay.

-Afaka mandinika tsara sy mandray fepetra mifanaraka amin'ny fomba amam-panao eo aminy izy ireo, fepetra mifanaraka amin'ny kolontsaina, toe-karena, ara-tsosialy eo amin'ny faritra izay misy azy.

Mazoto mandray anjara amin'ny fifidianana ny vahoaka eny ifotony satria fantany fa mifanaraka amin'ny eritreriny ny fifidianana izay atao, ary ho tompon'andraikitra mivantana amin'ny fampandrosoana eo aminy izay olona lany eo .

Ho voahaja ny démokrasia satria matoky ny vahoaka fa tsy hisy ny ala-bato.

2. **Fanatsarana ny fitantanana .**

Rehefa manana fahefana ny tompon'andraikitra amin'ny faritra, dia manaja sy mampanaja ny zava-misy eo an-toerana izy ireo.

Afaka mikarakara ny fifidianana tsara izy ireo, ka mihena ny hosoka sy ny ala-bato.

Miara monina amin'ny vahoaka eo an-toerana isan'andro ny mpitondra, ka sarotra ho azy ireo ny manao ny tsy mety fa tsy maintsy mampahafantatra ny zava-misy marina amin'ny vahoaka izy ireo ka atokisana fa hisy ny mangarahara.

3. **Fampandrosoana haingana ny faritra**

Ny fananan'ireo mpitondra amin'ny faritra fahefana amin'ny resaka fifidianana dia hiteraka mpitari- tolona tia tanin-drazana vaovao vonona handray anjara amin'ny fifidianana afahany mampandroso ny faritra niaviany.

Hiteraka vina fampandrosoana mifanaraka amin'ny filàn'ny mponina eo an-toerana izany.

4. **Fampihenana andraikitra ny fanjakana foibe.**

Mihena ny andraikitran'ny fanjakana foibe amin'ny fitantanana fifidianana eto Madagasikara.

Mandray andraikitra amin'ny fifidianana eo aminy ny mpitondra amin'ny faritra ka ho tsara ny fahombiazana sy ny fahamatoran'ny rafi-pifidianana any ifotony satria voadinika tsara ny toetran'ny olona eo antoerana sy ny zava-misy (kolontsaina, toe-karena, fiaraha-monina).

Ho voahaja ny demokrasia eo an-toerana, ka ho maro ny olona handray anjara amin'ny fifidianana .

Ary ny fazotoan'ny vahoaka eny ifotony mandray anjara amin'ny fifidianana izay no hanatsara ny fitantananan'ny mpitondra amin'ny faritra.

**5. Mihena ny krizy politika ara-pifidianana eto Madagasikara.**

Ny fomba fifidianana ny Filoham-pirenena eto Madagasikara, izay latsabato mivantana andraisan'ny rehetra anjara tahaka ny ankehitriny izao, dia niteraka krizy politika foana teto Madagasikara hatramin'izay ka hatramin'izao.

Ireo krizy politika hatramin'izay dia vokatry ny hala-bato, tsy fahatomombanana amin'ny lisi-pifidianana, ary ny tsy fahombiazana maro samy hafa.

Raha tafapetraka kosa anefa ity lalam-panorenana rafitra rezionaly ity, dia ho foanana ireo krizy aorian'ny fifidianana filoham-pirenena eto Madagasikara.

Tsy latsabato mivantana andraisan'ny olona rehetra anjara intsony ny fifidianana filoham-pirenena, fa kolejy mpifidy maventy na ( grands électeurs) no mifidy azy , izay efa fantatra mialoha ny anaran'ireo mpikambana ao aminy, dia ny Filohan'ny fokontany, ny Ben'ny Tanana sy ireo mpanolotsainany, ny solom-bavambahoakam-paritra, ny loholona ary ny governora sy ireo mpanolotsainany.

Ho voafehy ihany koa ny tetika ratsy amin'ny hala-bato, satria voafetra ny isan'ny birao fandatsaham-bato, ka afaka manara-maso tsara ireo solotenan'ny kandida manara-maso ny fizotry ny fifidianana sy amin'ny fotoana fanisam-bato.

## Famaranana

Raha fintinina izany dia ny fankatoavana ny lalàm-panorenana rafitra rezionaly eto Madagasikara dia hampisy fitoniana ara-politika, na amin'ny fifidianana isam-paritra na eo amin'ny fifidianana ny filoham-pirenena.

Ho voavaha ny olana amin'ny fahasarotana fanomanana fifidianana izay karakarain'ny fanjakana foibe, iizay ny CENI moa no nomeny andraikitra mikarakara azy eto Madagasikara.

Satria raha vantany vao tafapetraka ny rafitra rezionaly, dia tsy mila ny CENI intsony mikarakara ny fifidianana, fa ny ministeran'ny Atitany miaraka amin'ireo governemanta rezionaly.

Ity ministera ity moa dia efa manana solontena miparitaka manerana an'i Madagasikara, dia ireo Prefet sy ny Lehiben'ny distrika.

Noho izany dia afaka manomana mialoha ny zavatra rehetra ilaina amin'ny fifidianana izy, tsy mila miandry ny fotoam-pifidianana vao manomana ny zavatra rehetra ilaina.

Amin'ny fanomanana ny fifidianana ny Filohan'ny fokontany dia efa eo ampelatan'izy ireo ny lisitry ny mpifidy rehetra amin'ny kaominina rehetra eto Madagasikara.

Koa noho izany dia tsy sarotra amin'izy ireo ny manomana ny lisi-pifidianan'ireo mpifidy maventy mialoha hanomanana ny fifidianana ny Filohany Repoblika.

Ary ny fifidianana ny Filoham-pirenena amin'ny farany, aorianan'ny fifidianana rehetra, dia hampihena ny tsindry ara-politika amin'ireo mpikarakara fifidianana .

Vokatr'izany, dia tsy ho be mpanohitra intsony ny vokatra azo amin'ny fifidianana eto Madagasikara, ka hihena ny tahan'ny fisiana krizy aoriana fifidianana.

## XXVII- IREO TOMBOTSOA SAMIHAFA.

### Ho an'ireo mpanao politika malagasy.

-Amin'ity lalam-panorenana Fanjakana tokana mampivangongo ny fahefana rehetra amin'ny fanjakana foibe ity, dia eto Antananarivo daholo ny zavatra rehetra no mitranga .

-Koa noho izany, dia voatery tsy maintsy mampiseho ny heriny eto Antananarivo avokoa ny hery politika rehetra.

-Izany no mahatonga ny fifaninanana na fifandirana na korontana ara-politika miseho foana eto Antananarivo.

-Raha ampiharina kosa anefa ny rafitra rezionaly, dia hanana fahefana ara-pitatanana sy ara-bola betsaka ny faritra sy ny kaominina maneranan'i Madagasikara.

-Manana ny haja sy voninahitrany ny Governora sy ny ben'ny Tanana, ary tompon'andraikitra tanteraka amin'ny fampandrosoana ny faritra sy ny kaominina izay iadidiany izy ireo.

-Noho izany dia samy mamonjy ny faritra fihavihany avy ireo mpanao politika rehetra satria samy te ho voafidy amin'ny tany niaviany avokoa.

-Tsara ny mampatsiahy, fa ny Filohan'ny Repoblika dia tsy ho tompon'andraikitra amin'ny fampandrosoana ny faritra sy ny kaominina intsony amin'ity rafitra ity.

-Ka noho izany dia tombotsoa lehibe ho an'ireo mpanao politika ity rafitra ity satria mahafaka milatsaka ho fidina Governora na ben'ny tanana any amin'ny toerana fiaviany avy izy ireo.

-Ny Governora voafidy no tompon'andraikitra mivantana amin'ny fanendrana ireo komisera jeneraly miara-miasa aminy.

-Ny Ben'ny tanàna voafidy no tompon'andraikitra amin'ny fanendrana ireo olona miara-miasa aminy.

-Tsy mitovy amin'ny zava-misy amin'izao fotoana izao, dia mbola ny Filoham-pirenena ihany koa no mbola manana fahefana manendry ireo olona tokony hiara-miasa amin'ny Governora sy ny Ben'ny tanàna voafidim-bahoaka.

-Anisany mampiavaka ity rafitra ity koa dia ny fifidianana ny Filoham-pirenena aorian'ireo fifidianana rehetra, ary ny mpifidy maventy no mifidy azy.

Izany hoe mahatsapa tena ny filoham-pirenena fa tsy izy no nametraka ireo olom-boafidy rehetra eto Madagasikara, fa ireo olom-boafidy no nametraka azy.

-Voatery izany tsy maintsy miady mafy ireo antoko politika rehetra mba hanana olom-boafidy maro raha te hahazo ny toeran'ny Filoham-pirenena amin'ny fifidianana.

-Ka noho izany, dia hisy fiovana tanteraka ny fomba fanaovana politika eto Madagasikara raha tafapetraka sy hampiharina eto Madagasikara ity lalam-panorenana Etat Regional ity satria hanana tombotsoa maro ireo mpanao politika.

-Ho maro koa ny isan'ny toerana azo ilatsahan'ireo mpanao politika amin'ny fifidianana.

## Tombotsoa ho an'ireo tanora amin'ny fitadiavana asa.

Rehefa tafapetraka eto Madagasikara ny Lalàm-panorenana Fanjakana Rezionaly, dia betsaka ireo tombontsoa ho an'ireo tanora amin'ny fitadiavana asa.

Amin'ity lalàm-panorenana Fanjakana Tokana ity mantsy dia ny Filohan'ny Repoblika sy ny Praiminisitra mipetraka any Antananarivo no misafidy ny minisitra sy ny tale isam-paritra.

Noho izany, raha te hahazo toerana ireo tanora sy ireo manam-pahaizana dia tsy maintsy miakatra any an-drenivohitra.

Kanefa, amin'ny Lalàm-panorenana Fanjakana Rezionaly, dia misy ny Fanjakana nasionaly any Antananarivo, ary hisy koa Governemanta rezionaly 24.

- Ireo Governora amin'ny Faritra 24 voafidim-bahoaka  no hanendry ny Commissaires généraux.

- Ireo Governora sy ny Commissaires généraux no manendry ny talen'ny sampan-draharaha isam-paritra (na Directeurs regionaux ).

Izany hoe tsy mila miakatra any Antananarivo intsony ny manampahaizana sy ny tanora mba hahazoana mitàna andraikitra ambony amin'ny Faritra.

-Ireo Governemanta Rezionaly 24 no mandefa mivantana ny tolobidy amin'ireo fotodrafitr'asa izay kasain'izy ireo atao.

Noho izany dia afaka mifaninana ny orinasa rehetra eo an-toerana.

Ka afaka mampiasa ny tanora avy eo amin'ny faritra ihany izy ireo.

Toy izany koa no mitranga eo amin'ny kaominina:

- Ireo kaominina 1 695 eto Madagasikara no mandefa ny tolobidy amin'ny fotodrafitr'asa izay atao ao anatin'ny kaominina.

- Ny orinasa ao amin'ny kaominina tsirairay dia afaka manatanteraka fotodrafitr'asa ao anaty kaominina ka afaka mampiasa ireo tanora eo antoerana.

- Raha sanatria misy kaominina tsy mahavita manao antontataratasy ilaina amin'ny tolotra ilaina, dia afaka manatona birao  "cabinet d'études" izy ireo.

Ireo fanapahankevitra rehetra ireo dia tsy maintsy hampahafantarina mialoha an'ny Sefo Distrika na ny Prefektiora izay solotenam-panjakana eo antoerana.

Raha fintinina izany, dia betsaka ny tombotsoa ho an'ireo tanora rehefa tafapetraka eto Madagasikara ny Lalàm-panorenana Fanjakana rezionaly.

Hanampy betsaka amin'ny fahazoana asa ny tanora manerana an'i Madagasikara izany rehetra izany satria tsy voatery hiakatra any Antananarivo intsony izy ireo

## Tombontsoa ho an'ny renivohitr'i Madagasikara "ANTANANARIVO"

Amin'izao rafitra Fanjakana tokana na Etat Unitaire ankehitriny izao izay mivangongo amin'ny fanjakana foibe daholo ny fahefana ara-pitantanana sy ara-toekarena rehetra eto Madagasikara, dia ao "Antananarivo, renivohitry Madagasikara" daholo ny fikarakarana ny taratasim-panjakana rehetra, sy ny fitadiavana asa rehetra..

Noho izany no mahatonga, ny ady politika maro miseho ao an-drenivohitra.

Ireo antoko politika lehibe rehetra dia tsy maintsy manana ny foibeny eto Antananarivo, ary ny mpitarika politika rehetra dia miezaka mafy hampitoetra ny heriny eto Antananarivo.

Raha mihatra eto Madagasikara kosa ny rafitra Etat Régional, dia hiova tanteraka ny rafi-pitantanana eto amin'ny firenena.

Ny fampandrosoana ny kaominina sy ny faritra dia ho andraikitry ny Governora sy ny Ben'ny tanàna voafidy.

Ny Filohan'ny Repoblika dia tsy hanana fifehezana mivantana intsony amin'ny fampandrosoana ny Faritra .

Noho izany, ireo mpanao politika dia hiverina amin'ny faritra niaviany mba hifaninana amin'ny toerana Governora, Ben'ny tanàna, Solombavam-bahoaka na Loholona.

Noho izany ny fifandirana ara-politika dia hiparitaka amin'ny faritra rehetra, fa tsy hifantoka eto an-drenivohitra intsony.

Hihena ny fihenjanana ara-politika eto Antananarivo, satria hiparitaka amin'ireo faritra samihafa ny ady politika.

Raha fintinina izany, dia hisy fampandrosoana mirindra eto Madagasikara rehefa tafapetraka ny rafitra Etat Régional, ka hihena ny fihenjanana politika eto an-drenivohitra.

Izay vao hisy filaminana ara-politika eto Madagasikara ka hitarika mpandraharaha na mpanam-bola maro hampiasa ny volany eto amintsika.

Ahazo asa ny tanora ka hihatsara ny fandriham-pahalemana.

## Azo antoka ny fihenan'ny tahan'ny fahantrana eto Madagasikara.

Amin'izao fotoana izao, tsy rariny ny fizarana ny loharanom-bola eo amin'ny fanjakana foibe sy ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Raha ny tatitra nataon'ny Banky iraisam-pirenena tamin'ny taona 2003, dia ny 98%-n'ny fidiram-bolan'ny faritra dia alain'ny fanjakana foibe avokoa, ka 1 hatramin'ny 2% ihany sisa no mijanona ho an'ny faritra (Tatitra BM 2003 – 2010- 2017).

Io toe-javatra io dia mitohy hatramin'ny talohan'ny taona 2003 ka hatramin'izao fotoana izao, ary anisan'ny antony mampiakatra ny tahan'ny fahantrana eto Madagasikara.

Rehefa tafapetraka eto Madagasikara kosa anefa ny rafitra "Etat Régional", ka manana fidiram-bola mazava ny fanjakana foibe sy ny mpitondra amin'ny faritra dia afaka manatanteraka tetik'asa fampandrosoana izy ireo, amin'ny alàlan'ny fampiasana mpiasa avy eo antoerana sy orin'asa eo an-toerana.

Ny fampiasana ireo mpiasa sy ireo orin'asa eo antoerana ireo dia hampitombo ny fahefa-mividin'ny mponina eo antoerana, ka hampihena ny tahan'ny fahantrana eto Madagasikara.


**Fanamarihana** : Tsara marihina fa hatramin'ny taona 1973, taona izay nanafoanana ny Budget Provincial tamin'ny didy hitsivolana 73-015, dia tsy nitsahatra nitombo ny tahan'ny fahantrana teto Madagasikara hatramin'izay ka hatramin'izao.

Mifanohitra amin'ny fivoarana hita amin'ny firenena maro hafa anefa izany.

Ny firenena maro ato Afrika anefa dia efa nihena avokoa ny tahan'ny fahantrana talohan'ny COVID; (jereo ny tabilao eto ambany momba an'i Bangladesh, Tanzania, Rwanda, ary Oganda).

Mampatohotra ity fiakaran'ny tahan'ny fahantrana eto Madagasikara ity ka mila mifandinika malaky ny samy Malagasy.

Izany no ilàna ny fikaonan-doham-pirenena mba hitadiavana vahaolana miaraka sy maharitra mba ialàna amin'ny antony mampahantra ny Malagasy izao.




***(Perspectives économiques de Madagascar: Surmonter la tempête, Accélérer les réformes.)***

*https://www.banquemondiale.org/fr/country/madagascar/publication/madagascar-economic-update-navigating-through-the-storm-a-new-drive-for-reforms-in-madagascar-is-crucial*

Ramatoa Marie-Chantal Uwanyiligira, solontenan'ny Banky Iraisam-pirenena, dia naneho ny ahiahiny manoloana ny fitomboan'ny tahan'ny fahantrana eto Madagasikara (80–81%), nefa ny tahan'ny fahantrana any amin'ny ankamaroan'ny firenena afrikanina efa nihena avokoa.

Araka ny heviny, tsy ara-dalàna izany toe-javatra izany, ka tokony arenina.

« Nanamafy izy ny amin'ny maha-zava-dehibe ny fanaovana **FIKAONAN-DOHAM-PIRENENA** amin'ny samy malagasy tamin'ny taona 2022 mba hitadiavana vahaolana miaraka , ka afahana manatanteraka fanavaozana rafitra mba hisiana fitomboana arin-karena eto Madagasikara. »

Isaorana ireo tanora fa nandray andraikitra amin'ny tokony hanovana ny rafitra ka mila manampy ny mpitondra amin'izao fitondranan''ny fanavaozana izao isika mba afahana manatanteraka izany.

## Tombontsoa ho an'ny tanora izay lasa nitady asa any ivelany

Ankehitriny, noho ny fahantrana ateraky ny Fanjakana tokana **izay** mampivangongo ny fahefana rehetra ampelatanan'olo-tokana, dia ny Filohan'ny Repoblika**, dia** voatery miala an'i Madagasikara ny tanora maro lasa mitady asa any ivelany.

Mampalahelo ny zava-misy: maro amin'izy ireo , indrindra ny tanora vehivavy dia miasa amin'ny asa tsy dia mendrika loatra, toy ny mpanampy an-trano**,** any amin'ireo firenena afrikanina, arabo na erôpeana**.**

Kanefa, raha tafapetraka ny Lalàm-panorenana Etat régional eto Madagasikara**,** ka mahaleotena ny kaominina sy ny faritra amin'ny tetik'asa rehetra fampandrosoana eo aminy , dia mila ny zanany ny faritra sy ny kaominina mba hanampy amin'ny fanorenana sy fampandrosoana eo an-toerana.

Io fiovana lehibe io dia **ho** zava-dehibe ho an'ireo tanora izay lasa niasa any ivelany ka afahan'izy ireo miverina an-tanindrazana**,** mampiasa ny fahaiza-manaony, ary mandray anjara mavitrika amin'ny fampandrosoana ny tanànany na ny faritra nihaviany**.**

H**o** voninahitra sy rehareha lehibe ho azy ireo ny mitondra anjara biriky amin'ny fampandrosoana ny tanindrazany**,** amin'ny alalan'ny fampiharana ny traikefa sy fahaizana azony tany ivelany.

## *Ry mpiray tanindrazana malala,*

*Ny tanjona dia hametraka Lalàm-panorenana vaovao « Fanjakana rezionaly », mba afahana mamoaka an'i Madagasikara amin'ny fahantrana haingana.*

*Raha resy lahatra ianao amin' ity tolo-kevitra famoahana an'i Madagasikara amin'ny krizy ity, ary manaiky fa ilaina ny fampiharana azy, dia manasa anao izahay mba handray anjara mavitrika amin'ny ezaka izay mbola hatao.*

*Ny fanatanterahana azy dia mitaky ny fandraisan'ny rehetra anjara : ara-batana, ara-tsaina ary ara-bola.*

*MASINA NY TANINDRAZANA.*

# Documents sources

- **Rapport de la Banque Mondiale année 2003.**

*Une étude de la banque mondiale concernant un pays.*
*« Décentralisation à Madagascar »*

- **Rapport de la Banque Mondiale année 2008.**

« L'économie politique de la décentralisation à Madagascar »
Actes d'un colloque tenu à Antananarivo le 16 avril 2008 Colloque organisé et actes colligés par François Vaillancourtr

- **Rapport de la Banque Mondiale année 2010.**
  « Madagascar, vers un agenda de relance économique »**.**

- **Rapport de la Banque Mondiale année 2017.**
  *Cadre de Partenariat pays avec la République de Madagascar période 2017-2021.*

- **Rapport Banque Mondiale 2022 .**
  *(Perspectives économiques de Madagascar: Surmonter la Tempête, Accélérer les réformes.)*

*https://www.banquemondiale.org/fr/country/madagascar/publication/madagascar-economic-update-navigating-through-the-storm-a-new-drive-for-reforms-in-madagascar-is-crucial*

- **L'état régional**

https://licence-droit.fr/2021/10/02/letat-regional-definition-et-differences-avec-letat-federal/

- **Etat fédéral, régional, unitaire…** Les structures politiques en Europe

*https://www.touteleurope.eu/vie-politique-des-etats-membres/etat-federal-regional-unitaire-les-structures-politiques-en-europe/*

- **Hydroélectricité Madagascar** ( Office de Régulation de l’électricité )

# AVRIL 2025.